IUCN



# HETSIKA SOS LEMURS

## TATITRY NY FIANTRAIKA 2017-2023

Fanontana faharoa

SOS KEEP NATURE STANDING IUCN



© D. Roullet

# HETSIKA SOS LEMURS

## TATITRY NY FIANTRAIKA 2017-2023

Fanontana faharoa

Ny voambolana jeografika ampiasaina ao amin'ity boky ity, ary koa ny fampisehoana azy, dia tsy maneho velively ny hevitry ny UICN momba ny sata ara-dalàna na ny fahefana ananan'ny firenena, faritany, na faritra, na momba ny famaritana ny sisintaniny.

Ny hevitra voarakitra ao amin'ity boky ity dia tsy voatery hifanaraka amin'ny hevitry ny UICN.

Mankasitraka ireo mpiara-miombon'antoka ara-drafitry ny UICN noho ny fanohanana sarobidy nataon'izy ireo, indrindra indrindra: ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny ao Danemarka; ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny ao Finlande; ny governemanta frantsay sy ny Masoivoho frantsay misahana ny fampandrosoana (AFD); ny minisiteran'ny Tontolo iainana ao amin'ny Repoblikan'i Korea; ny minisiteran'ny Tontolo iainana, ny Toetr'andro ary ny Fampandrosoana ao amin'ny Grand-Duché ao Luxembourg; ny Masoivoho norvezianina misahana ny fampandrosoana sy ny fiaraha-miasa (Norad); ny Masoivoho soedoà misahana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena amin'ny fampandrosoana (Asdi); ny Fitantanana ny Fampandrosoana sy ny Fiaraha-miasa ao Soisa (DDC); ary ny departemantan'ny Fanjakana any Etazonia.

Ity boky ity dia navoaka noho ny fanohanana ara-bola avy amin'ny tahirim-bola manokana avy amin'ny Fondation manokana ao Geneva.

Navoakan'ny: UICN, Gland, Soisa

Noforonin'ny: Ekipan'ny hetsika ho an'ny fiarovana ny karazam-biby

Copyright: © 2023, 2024 UICN, Fikambanana iraisam-pirenena ho fiarovana ny natiora sy ny loharanon-karena ao aminy

Ny famerenana mamoaka ity boky ity ho an'ny tanjona tsy ara-barotra, indrindra amin'ny fampianarana, dia azo atao na tsy misy alalana an-tsoratra mialoha avy amin'ny tompon'ny zon'ny mpamoronaaza, raha toa ka voalaza tsara ny loharano. Tsy azo atao ny mamoaka ity boky ity ho amin'ny tanjona ara-barotra, indrindra amin'ny varotra, raha tsy misy alalana an-tsoratra mialoha avy amin'ny tompon'ny zon'ny mpamorona.

Famaritana fanoratanasoso-kevitra: UICN (2024). *Hetsika SOS Lemurs: Tatitry Ny Fiantraika 2017-2023* (Fanontana faharoa)

Sary fonony: Landor

Fanamboarana pejy: Imre Sebestyén / UNITgraphics Studio

Navoakan'ny: L'Imprimerie Nyon

*Ity boky ity dia vita pirinty amin'ny taratasy vita avy amin'ny kofehy hazo avy amin'ny ala tantanina sy voamarina araka ny fitsipiky ny Forest Stewardship Council (FSC).*

# FIZAHAN-TAKELAKA

TENY MIALOHA ..... V
FAMPIDIRANA ..... 1
TOPI-MASO AMIN'I MADAGASIKARA ..... 2
NY HETSIKA SOS LEMURS ..... 6
HETSIKA FIKAJIANA: FAMATSIAM-BOLA HO AN'NY FIKAMBANAN'NY FIARAHAMONIMPIRENENA ..... 10
- Karazana ..... 12
- Toeram-ponenana ..... 18
- Olona ..... 26


FAHALALANA SY FIKAROHANA ..... 36
- Ny Tahiry ho an'ny Hetsika Fikajiana ny Varika (Fandaharanasa Mahazo Famatsiam-bola Madinika) ..... 37
- Ny Centre ValBio – Ivon-toerampikarohana momba ny Fahamaroanaina an'ny IUCN Save Our Species ..... 39
- Atrikasa Fanombanana ny Lisitra Mena ..... 40

NY HO AVY ..... 42
LISITRY NY TETIK'ASA NAHAZO FAMANTSIAMBOLA AMIN'NY ..... 48



© Carlos Crespo

# TENY MIALOHA



**Russell A. Mittermeier, PhD**
***Filoha, Vondron'ny Manam-pahaizana manokana momba ny Primate ao amin'ny IUCN SSC; sy***
***Lehiben'ny Departemanta Fikajiana, Re:wild***

Tena toerana miavaka marina tokoa raha i Madagasikara.Ity nosy fahaefatra lehibe indrindra maneran-tany sy nosy lehibe indrindra amin'ireo nosy volkanika ity dia iray amin'ireo toerana ahitana fahamaroanaina maro tandindonin-doza ka mitana ny laharam-pahamehana ambony indrindra maneran-tany amin'ny tokony hiarovana azy. Izy koa no firenena anisan'ny mitana ny laharana voalohany amin'ny fananana ny ankamaroan'ny karazam-biby sy zavamaniry eo an-tany sy ny fananana karazam-biby sy zavamaniry tsy fahita na aiza na aiza afa-tsy ao aminy ihany, izay antsoina amin'ny teny vahiny hoe "mégadivers". Ny ampahany betsaka amin'ireo biby sy zavamiry isan-karazany misy eo amin'ny nosy dia tsy hita afa-tsy ao ary tsy misy na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao.

Ny varika ao Madagasikara no ohatra iray tsara indrindra amin'izany fananany biby sy zavamaniry isan-karazany tena miavaka sy tsy fahita na aiza na aiza izany. Ny varika ihany koa no tsy isalasalana fa anisan'ny karazam-biby malaza indrindra eo amin'ny nosy – ary ambasadaoron'ny bibidia. Hatreto dia fianakaviam-be 5, "genre" 15 ary taxa 112 no ankatoavinay, izay mametraka an'i Madagasikara ho faharoa aorian'i Brezila (156 taxa) amin'ny lafiny fahamaroan'ny karazana primate. Raha ny lafiny tsy fahitana azy na aiza na aiza no resahina dia tena tsy manan-tsahala i Madagasikara. Ireo fianakaviam-be ana primate 5 tsy fahita na aiza na aiza ireo dia maneho ny 31%-n'ny fitambaran'izy rehetra maneran-tany ary ireo genera 15 tsy fahita na aiza na aiza dia maneho ny 18%-n'ireo rehetra fantatra amin'izao fotoana izao. Ireo fahamaroan'ny karazany sy ny tsy fahitana azy na aiza na aiza avo lenta ireo no nahatonga ny vondron'ny manam-pahaizana manokana momba ny primate ao amin'ny Vaomieran'ny IUCN misahana ny fikajiana ny karazana (Commission de la Sauveguarde des Espèces (CSE)) hihevitra an'i Madagasikara ho faritra manokana lehibe ho an'ny primate, izay azo ampitahaina amin'ireo faritra Neotropika, ny Afrika Tanibe, sy Azia tropikaly sy ny ambaniny.

Na izany aza anefa, ny varika dia tena ahiana fatratra ho lany tamingana. Ny tomban'ny Lisitra Menan'ny IUCN farany indrindra (2021) ho ana taxa ana varika 112 isa dia maneho fa ny 31%-n'izy ireo dia Ahiana Fatratra ho Ringana, 41%-n'izy ireo dia Ahiana ho Ringana, ary 22%-n'izy ireo dia Marefo – noho izany, ny fitambarana karazana miisa 106 (94%) dia heverina ho tandindonin-doza. Izany no mametraka ny varika ho anisan'ny vondron'ny biby mampinono tandindonin-doza indrindra ary mametraka an'i Madagasikara ho eo amin'ny laharana voalohany amin'ny laharam-pahamehana maneran-tany amin'ny lafiny fikajiana ny primate.

Anisan'ireo loza fototra mitatao amin'ny varika ny fihazana azy ireo mba hamidy sy hatao sakafo, ary ambonin'izany rehetra izany, ny fandripahana ny ala. Eo anatrehan'ny tsy fisiana afa-tsy 10%-n'ny zavamaniry voajanahary sisa tavela ao Madagasikara, ny fahaverezan'ny toeram-ponenana sy ny fitsipotipotehany dia mahatonga ny varika tsy hitsaha-mihena, ary miaraka amin'izany koa ny fihenan'ireo karazana hafa rehetra miankina amin'ny ala.

Ny fanjavonan'ny varika makadiry teto Madagasikara dia manome ohatra manaitra milaza fa ny faharinganana dia tranga tena misy ary vao haingana. Genre miisa 8 sy karazana varika miisa 17 farafahakeliny no efa ringana hatramin'ny nahatongavan'ny karazantsika, ary ny faharinganana farany indrindra dia nitranga 500 taona lasa tany ho any.

Eo anatrehan'ny fironana milaza fa mety hitranga ao anatin'ny roapolo taona manaraka ny andiany lehibe amin'ny faharinganan'ny varika, tamin'ny taona 2012, ny IUCN SSC dia nanonta ny paika hikajiana ny varika 2013-2016 nantsoina hoe "Lemurs of Madagascar: A Strategy for their Conservation 2013-2016." Ity drafitr'asa momba ny fikajiana ity no nanokatra ny lalana ho an'ny hetsika SOS Lemurs an'ny IUCN. Hetsika naharitra enina taona sy tapany ary mitentina 7,7 tapitrisa CHF izay natokana ho amin'ny fiaraha-miasa amin'ny fiarahamonim-pirenena eny ifotony mba hiarovana ireo varika eto Madagasikara. Notanterahina nanomboka ny taona 2017 ka hatramin'ny taona 2023, ity hetsika ity dia nanohana tetikasana fiarahamonim-pirenena eny ifotony maro mba hiadiana amin'ireo loza fototra mitatao sy hanamafisana ny fahafahan'ny olona eny ifotony hanatanteraka ireo hetsika laharam-pahamehana voasoratra ao amin'ny Drafitry ny Paika ho Fikajiana ny Varika eto Madagasikara. Tafiditra ao anatin'izany rehetra izany ny fanaovana fikarohana ekolojika sy fananganana fahalalana, ny fizohiana sy fanarenana, ny famerenana amin'ny laoniny ny toeram-ponenana, ireo hetsika hiadiana amin'ny fihazana sy fisamborana biby tsy ara-dalàna, ny famoronana asa fitadiavam-bola maharitra sy ny fanaovana fanentanana eo anivon'ny firenena sy maneran-tany mahakasika ny olana mitatao amin'ny varika sy ny toeram-ponenany.

Ity tatitry ny fiantraika ity dia manome ny antsipirian'ireo vokatra miabo maro azo avy amin'ny hetsika nataon'ireo fiarahamonim-pirenena nahazo famatsiam-bola – sy ireo fiarahamonina notohanan'izy ireo – mba hanampy amin'ny fitarihana ireo hetsika ho avy. Amin'ny ankapobeny, ny hetsika SOS Lemurs dia nandray anjara tamin'ny fomba maro mba hiantohana ny fahavelomana maharitr'ireo biby tena manan-danja ireo.

Manoloana ny krizy atrehin'ireo varika ireo, zava-dehibe ny fanohizana ny asa nataon'ny SOS Lemurs raha tiantsika ho tratra ny tanjona "Tsy Misy Faharinganana (Zéro Extinctions)". Ny vondron'ny manam-pahaizana manokana momba ny primate ao amin'ny IUCN SSC dia manolo-tena hiara-miasa amin'ny IUCN mba hanohana ilay hatao hoe: dingana mavitrika vaovaon'ny SOS Lemurs izay haharitra taona maro sy hanome fanohanana mitohy ho an'ireo asa lehibe izay efa mandeha.

© Carlos Crespo

# FAMPIDIRANA

## IUCN

Ny “International Union for the Conservation of Nature (IUCN)”, na ny Fiombonana Iraisam-pirenena ho an’ny Fikajiana ny Zavaboahary, dia Fiombonana tokana ana mpikambana izay tsy ahitana afa-tsy fikambanana miankina amin’ny fanjakana sy fikambanan’ny fiarahamonimpirenena. Manome fahalalana sy fitaovana ho an’ireo fikambanana miankina sy tsy miankina amin’ny fanjakana na an’olon-tsotra izy; fahalalana sy fitaovana izay ahafahana miara-mampisy fampivoarana ny olona, fampandrosoana ara-toekarena sy fikajiana ny zavaboahary.

Niforona ny taona 1948, ny IUCN ankehitriny no tambajotra misehatra amin’ny tontolo iainana midadasika indrindra sy anjakan’ny fahasamihafana indrindra izay mampiasa ny fahalalana, hoenti-manana sy ny faratakatry ny fikambanana mpikambana maherin’ny 1.400 sy manam-pahaizana manokana miisa 18.000 eo ho eo. Izy no lohany amin’ny fanomezana antontan-kevitra, tombana sy fanadihadiana momba ny fikajiana. Ny fananana mpikambana mivelatra no mahatonga ny IUCN ho manam-pahefana maneran-tany amin’ny satan’ny tontolo voajanahary sy ny fepetra tokony horaisina hiarovana azy.

Mpifarimbona sy mpanohana maro no miara-miasa amin’ny IUCN mba hanatanterahany tetikasa momba ny fikajiana maro maneran-tany, samy araka ny karazany sy ny fahasamihafany avy. Amin’ny alalan’ny fampifangaroana ny hiaka farany amin’ny fahalalana siantifika sy ny fahalalana nentim-paharazan’ny fiarahamonina eny ifotony, ireo tetikasa ireo dia natao hiarovana ireo karazam-biby sy zavamaniry, hampitsimbadihana ny fahaverezan’ny toeram-ponenana, hamerenana amin’ny laoniny ny rohivoahary sy hanatsarana ny fahasalaman’ny olona.

## IUCN SAVE OUR SPECIES

Ny hetsika IUCN Save Our Species (Vonjeo ny Karazam-biby sy karazan-javamanirintsika) dia manohana ny hetsika fikajiana mifototra amin’ny siansa atao eny ifotony mba hanavotana ny biby, zavamaniry sy ny holatra amin’ny faharinganana. Ny ezaka ataonay dia ampifantohanay any amin’izay hananany fiantraikany lehibe indrindra, amin’ny alalan’ny famatsiana ara-bola ireo fikambanana misehatra amin’ny fikajiana eny ifotony manerana izao tontolo izao izay manana fahalalana manokana momba ny faritra misy azy ireo sy ny fahamaroanaina eny ifotony.

Efa imbetsaka no nampanenoana ny fanairana mahakasika ny fihenan’ny fahamaroanaina manerana ny planeta. Raha karazana iray no lavo, dia miara-lavo aminy avokoa ny rohin-karazana rehetra izay mifampiankina aminy. Na tigra io na biby tantely, izy ireo dia samy toy ny domy natsangana sy nalahadahatra, ka ny fianjeran’ny iray no mitarika ny fahalavoan’ny manaraka, ary ny iafaran’izany dia tsy maintsy aty amintsika olombelona ka mahatonga antsika ho tandindonin-doza. Izay no mahatonga antsika tsy maintsy manao izay faraherintsika Hampijoro ny Natiora Hatrany.

Isika tsy mijery ireo karazam-biby sy zavamaniry mitokana na oviana na oviana. Ny tetikasa rehetra ao anatin’ny IUCN Save Our Species dia tsy mikendry fotsiny ny hiarovana ireo karazam-biby sy zavamaniry tandindonin-doza, fa mikendry ihany koa ny hiarovana ny toeram-ponenany sy ny hanatsarana ny fiveloman’ny olona miankina amin’izy ireny. Mba hiarovana ireo karazam-biby sy zavamaniry tandindonin-doza sy hahitana vokatra lovain-jafy sy lavitra ezaka amin’izany, ny tetikasanay rehetra dia mirafitra manodidina ny fiantomorana momba ny fikajiana misy tongotra telo, izay mifantoka amin’ny Karazana, ny Toeram-ponenana ary ny Olona.

Amin’ny maha fiombonana maneran-tany ana Fanjakana, vaomiera siantifika, mpikambana sy vondrona manam-pahaizana manokana azy, ampiasainay ny tambajotran’ny IUCN mba hanitarana ny hetsika momba ny fikajiana, amin’ny alalan’ny fanamafisana fahaiza-manao sy ny fampivelarana ny fahalalana. Ireo hetsika momba ny fikajiana ataonay dia manohana ny fanatanterahana ny Global Biodiversity Framework na Firafitra Maneran-tany ho an’ny Fahamaroanaina sy ireo politikam-paritra sy nasionaly mahakasika ny fahamaroanaina. Ireo tetikasan’ny IUCN Save Our Species ihany koa dia miady amin’ireo olana maika toy ny fiovaovan’ny toetr’andro, ny fahantrana, ary ireo olana mifandraika amin’ny fanjariantsakafo sy ny fiarovana ny rano, izay manampy amin’ny fanatrarana ireo Tanjon’ny Fampandrosoana Lovain-jafy. Ireto avy ny tanjonay sy ny firotsahanay ho an’ny andrin’ny IUCN Save Our Species tsirairay:

### KARAZANA

Miezaka izahay ny hanatratra ny fihenan’ny isan’ny karazam-biby sy zavamaniry tandindonin-doza izay lasibatry ny famonoana tsy ara-dalàna sy ny fifanolanana eo amin’ny olombelona sy ny bibidia hatramin’ny taona 2030; ary ny hampitsahatra izany tanteraka amin’ny taona 2050.

### TOERAM-PONENANA


Tarigetranay ny hiantoka fa ny fahaverezana, ny fitsipotipotehana sy ny fahapotehan’ny toeram-ponenan’ny karazana tandindonin-doza voakasik’izany dia hihena hatramin’ny taona 2030 ary hitsahatra tanteraka amin’ny taona 2050.

### OLONA

Miezaka izahay ny hampihena ny tsindry ataon’ny olombelona amin’ireo karazam-biby sy zavamaniry tandindonin-doza voakasik’izany amin’ny alalan’ny fanatsarana ny fari-piainan’ny fiarahamonina eny ifotony sy ny fanomezana azy ireo asa mampidi-bola hafa hatramin’ny taona 2030.

## NY LISITRA MENAN’NY KARAZANA TANDINDONIN-DOZA AN’NY IUCN

Ny Lisitra Menan’ny Karazana Tandindonin-doza an’ny IUCN (IUCN Red List of Threatened Species™) no loharanom-baovao feno indrindra maneran-tany mahakasika ny satan’ny fikajiana ireo karazana biby, holatra ary zavamaniry. Io Lisitra Mena io no maneho ny toerana tokony hanaovana hetsika fikajiana maika ary noho izany, izy no mitari-dalana amin’ny fisafidianana ireo tetikasan’ny IUCN Save Our Species.



# TOPI-MASO AMIN'I MADAGASIKARA



© Aubin Andriajaona

## MADAGASIKARA: TOERANA MANANA FAHAMAROANAINA MARO TSY MANAN-TSAHALA IZAY TANDINDONIN-DOZA

Iray amin'ireo toerana manan-karena fahamaroanaina indrindra maneran-tany i Madagasikara, miaraka amin'ny 90%-n'ny karazan-javamaniry sy ny 85%-n'ny karazam-biby ao aminy izay tsy hita afa-tsy ao aminy. Ny rohivoahary farak'izay maro karazana ao aminy, toy ny ala, ny hivoka (savane), ny ala honko sy ny faritra maina raha tsy hitanisa afa-tsy vitsivitsy ihany, no manohana ny filàna ara-piveloman'ireo olona miisa 28 tapitrisa monina ao.

Indrisy anefa fa i Madagasikara ihany koa dia iray amin'ireo firenena voadona mafy indrindra maneran-tany amin'ny resaka fahaverezan'ny fahamaroanaina, miaraka amin'ny tombatombana milaza fa ny 90%-n'ny zavamaniry voajanahary tany am-boalohany no efa potika ary ireo sisa tavela dia mizarazara be.[1] Noho ny taha ambony amin'ny tsy fahitana afa-tsy ao aminy ireo karazam-biby sy zavamaniry ao aminy dia misy fiantraikany lehibe eo amin'ny fahabetsahan'ny fahamaroanaina ny fahaverezan'ny toeram-ponenana, mihoatra noho ny any amin'ny firenena hafa manerana izao tontolo izao, miaraka amin'ny maherin'ny 50%-n'ny biby mampinono, 43%-n'ny ranomamy sy 63%-n'ny karazan-kazo tsy fahita afa-tsy eto Madagasikara ahiana ho ringana, araka ny Lisitra Menan'ny Karazana Tandindonin-doza an'ny IUCN.

1 *Lemurs of Madagascar: A Strategy for Their Conservation 2013–2016* (2013), written by Russell A. Mittermeier, Christoph Schwitzer, Steig Johnson & Jonah Ratsimbazafy.

# IREO VARIKA ETO MADAGASIKARA

Mitana anjara andraikitra lehibe eo amin'ny rohivoaharin'i Madagasikara ny varika amin'ny maha mpanaparitaka voa azy, amin'ny maha mpitondra vovo-bony eo amin'ny lahim-bony mankeo amin'ny vavim-bony azy sy amin'ny maha mpampirisika ny fiparitahana sy ny fitomboan'ny karazana zavamaniry sasany azy. Izy ireo koa dia manana lanjany ara-kolontsaina mafonja eo amin'ny Malagasy izay niara-niaina taminy efa taonjato maro. Maro ireo finoana sy fomban-drazana malagasy no mifototra amin'ny varika, ary izy ireo koa dia mitana toerana lehibe amin'ny fanondro mampiavaka ny firenena.


Na izany aza, **ny varika dia anisan'ireo karazam-biby tandindonin-doza indrindra eto ambonin'ny tany.** Amin'ireo karazana sy zana-karazana varika miisa 112 fantatra eto Madagasikara, ny 94%-n'izy ireo dia tandindonin-doza ary efa ho ny ampahatelony (31%) no efa ho lany tamingana (Ahiana Fatratra ho Ringana). Ny antony lehibe mahatonga ny fihenan'ny varika dia ny fahaverezan'ny ala fonenany izay tena lehibe vokatry ny fanaovana tavy, ny fitrandrahana ala tsy ara-dalàna sy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tsy ara-dalàna, ny doro ala, ary koa ny fihazana azy ireny hihinanana ny henany sy hivarotana azy tsy ara-dalàna mba hatao biby fiompy. Izany no niteraka ny fizarazaran'ny andian'izy ireo ka nanjary sarotra ho an'ireo varika ny mitady sakafo sy vady.

Ny alan'i Madagasikara dia manome loharano fototra anovozan'ny mponina ao amin'ny angovo, sakafo sy filàna ara-pambolena. Ny fananganana fotodrafitrasa vaovao, ao anatin'izany ny lalana, dia nitarika ny fitomboan'ny fanapahana ny ala mba hananganan'ny olona fonenana, hamboleny sy hitrandrahany harena an-kibon'ny tany – izay mizarazara sy manimba ny ankamaroan'ny toeram-ponenana voajanaharin'ny varika. Manampy trotraka ny fiantraikan'ny lahasan'ny olombelona amin'ny rohivoaharin'ny ala ny fiovaovan'ny toetr'andro: miteraka haintany maharitra, rivodoza matetika sy fotoam-pijinjana tsy hay vinavinaina. Ao anatin'ny fiatrehana ireo tsindry mahery vaika amin'ny asa fivelomana, ireo fiarahamonina efa misedra ny tsindry avy amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro ireo indray no voatarika hanimba ny ala amin'ny alalan'ny fanaovana tavy sy ny fanapahana ireo hazo ao aminy.

Ny faharipahan'ny ala sy ny fitomboan'ny loza voajanahary dia mitarika amin'ny fiakaran'ny tahan'ny fahantrana eo amin'ny firenena, ary anatin'izany dia maherin'ny telo ampahaefatry ny vahoaka Malagasy no miaina ao ambanin'ny fetran'ny fahantrana tena lalina. Izany dia anisan'ny mahatonga ny finiavana ara-politika eo amin'ny firenena ho ambany amin'ny lafiny fikajiana ny fahamaroanaina amin'ny alalan'ny fampiharan-dalàna, mamela rohivoahary tandindonin-doza sy ny olona izay miankina amin'izy ireo ho tsy mitsahatra ny mety hitrangan'ny loza. Ny fahasambaran'ny olona sy ny firoboroboany maharitra dia miankina amin'ny fikojakojana ny harena voajanahary miavaka misy eto Madagasikara, ao anatin'izany ny varika sy ny toeram-ponenany.




# MAMETRAKA PAIKA HIKAJIANA NY VARIKA




Tamin'ny taona **2012**, ny Vondron'ny Manam-pahaizana Manokana momba ny Primate ao amin'ny Commission pour la Survie des Espèces an'ny IUCN dia nampivory ny mpikambana ary nanatanteraka atrikasa momba ny fandrafetana ny Lisitra Menan'ny Varika sy ny Drafitra momba ny Fikajiana azy. Tamin'izany no nahafahana nanombana indray ny satan'ny fikajiana an'ireo taxa ana varika rehetra miisa 103 mbola misy, araka ny fepetry ny Lisitra Menan'ny IUCN. Ilay fanombanana indray io no namoaka fa efa ho ny **94%**-n'ny taxa ana varika izay ananana antontan-kevitra ampy momba azy no **ahiana ho lany tamingana**.

Ity fampanarahana toetr'andro ny Lisitra Mena ity, izay nahitana vokatra mampanahy tokoa, dia nitarika nankany amin'ny fanaovana ny paika vaovao sy iraisana ho an'ny IUCN mba hanavotana ireo varika amin'ny faharinganana. Ilay paika hikajiana ny varik'i Madagasikara ho an'ny taona 2013 ka tramin'ny taona 2016, izay mitondra ny lohateny hoe ***The Lemurs of Madagascar: A strategy for their Conservation 2013-2016*,** dia mamantatra ireo toerana sy ireo hetsika laharam-pahamehana hiarovana ireo varika. Ireo lahasa momba ny fikajiana sy ny fampandrosoana lovain-jafy maro karazana ao aminy, nampiarahana tamin'ny ezaka hampiakarana ny fanohanan'ny vahoaka amin'ny resaka fikajiana eto Madagasikara, no nanome ny firafitra ho an'ny Hetsika ho an'ny Varika an'ny IUCN Save Our Species.




# SOS LEMURS

Ny Fandaharanasan'ny IUCN Save Our Species sy ny fiantomorana Karazana Toeram-ponenana Olona dia manome fomba fiasa amin'ny fanatanterahana ny Paika Hikajiana ny Varika. Noho ny tohana ara-bola avy amin'ny Hans Wilsdorf Foundation, ny IUCN Save Our Species dia nanomboka ny famatsiam-bola ho an'ny **Hetsika SOS Lemurs – mitentina 7,7 tapitrisa CHF, maharitra enina taona sy tapany**, izay natokana ho an'ny fikajiana ny varik'i Madagasikara. Hatramin'ity andro ity, mbola ity no **hetsika tokana maneran-tany natokana hamatsiana ara-bola ny fikajiana ny varika.**

## FIANTRAIKAN'NY HETSIKA

**4,869,596 CHF** NO NAMPIASAINA TETO MADAGASIKARA
**100,000 CHF** NY TETI-BOLA HO ANY TETIK'ASA IRAY
**63** KARAZANA VARIKA
**49** TETIK'ASA
**31** TOERANA
**26** FIKAMBANANA FIARAHAMONIM-PIRENENA

# IRETO MANARAKA IRETO NY TANJONA ANKAPOBEN'NY HETSIKA SOS LEMURS:



## KARAZANA

Mampitombo ny fizohiana ara-tontolo iainana sy ny hetsika hiarovana ny andiana varika manerana ireo toerana manan-danja



## TOERAM-PONENANA

Mampitombo ny toerana sahaza honenan'ny varika sy ny fifandraisan'ny toeram-ponenana



## OLONA

Mamorona fandrisihana mba hiarovana ny lovantsaina voajanahary

# FANTOKA AMIN'NY SOS LEMURS

Misy singa efatra mandrafitra ny SOS Lemurs:

**1** Famatsiam-bola ho an'ny OSC miasa eto Madagasikara
**4.9 tapitrisa CHF**
→ tetikasa lehibe miisa **49**

**2** Famatsiam-bola ho an'ny Hetsika Fikajiana ny Varika
**213,000 CHF**
→ tetikasa madinika miisa **50**

**3** Centre Valbio
**750,000 CHF**
→ tetikasa fananganana fotodrafitrasa

**4** Fanombanana ny Lisitra Men
**50,000 CHF**
→ Fampanarahana toetr'andro ny Lisitra Mena

# FOMBA FIASAN'NY SOS LEMURS

**TARIHIN'NY**
fianarana siantifikan'ny Lisitra Menan'ny Karazana Tandindonin-doza an'ny IUCN™

**VATSIAN'NY**
Hans Wilsdorf Foundation ARA-BOLA

**TOHANAN'NY**
fahaiza-manao manokana ara-teknikan'ny IUCN Species Survival Commission

**ARINDRAN'NY** sy **TANTANAN'NY**
IUCN Save Our Species

**TANTERAHIN'NY**
fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena eto Madagasikara

# TETIANDRON'NY HETSIKA

- **JOLAY 2012** – Fanombanana indrayny taxa ana varika rehetra misy miisa 103 araka ny fepetran'ny Lisitra Menan'ny IUCN
- **JONA 2013** – Famoahana ny Paika momba ny Fikajiana ny Varika an'ny IUCN SSC (2013-2016)
- **JOLAY 2016** – Fitsidihana toerana teto Madagasikara nataon'ny IUCN Save Our Species, ny Filoha sy Filoha lefitry ny Primate Specialist Group miaraka amin'ny solontenan'ny mpamatsy vola
- **AOGOSITRA 2016** – Fankatoavan'ny mpamatsy vola ny famatsiam-bola ho an'ny SOS Lemurs
- **JANOARY 2017** – Atrikasa fanombohana ny SOS Lemurs
- **FEBROARY - MARSA 2017** – Antso hanao tolo-kevitra Voalohany: tetikasa 18 no voasafidy
- **AVRILY - MEY 2018** – Antso hanao tolo-kevitra faha-2: tetikasa 15 no voasafidy
- **MEY 2018** – Atrikasa Fanombanana ny Lisitra Mena
- **MEY - JOLAY 2019** – Antso hanao tolo-kevitra faha-3: tetikasa16 no voasafid
- **AVRILY - OKT 2022** – Fanombanana farany
- **MARSA 2023** – Atrikasa momba ny Lesona Nianarana
- **AVRILY 2023** – Famaranana ny SOS Lemurs



# HETSIKA FIKAJIANA: FAMATSIAM-BOLA HO AN'NY FIKAMBANAN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA

© Laure Montchamp

Tamin'ny alalan'ny antso hanao tolo-kevitra miisa telo no nanomezan'ny hetsika **famatsiam-bola antonony miisa 49** ho ana **fikambanana fiarahamonim-pirenena miisa 26** izay misehatra eto Madagasikara.

Ny tetikasa rehetra novatsian'ny SOS Lemurs vola dia nanohana sy niasa niaraka tamin'ny fiarahamonina eny ifotony mba hampihenana ny fanimbana ny toeram-ponenana sy ny fihazana tsy ara-dalàna ny varika tamin'ny alalan'ny fitambarana hetsika momba ny fikajiana.

## TOERANA MISY NY TETIK'ASA



# KARAZANA

## Fizohiana ny karazana

Zava-dehibe ho an'ny fikajiana mahomby ny fahatakarana ny tontolon'ny varika, ny fahazoana fahalalana momba ny fizarazaran'ny karazana sy ny habetsahany ary ny fizohiana ny vokatry ny ezaka fikajiana atao. Ny tetikasan'ny SOS Lemurs dia manampy amin'ny:

1. **Fametrahana ny drafitra fizohiana** (famaritana ny toerana sy ny halavan'ny tsipika fizarazarana ny varika hanamora ny fanadihadiana azy ireo sy ny fanangonana antontan-kevitra momba azy);

2. **Fividianana ny fitaovana manokana fanaovana fizohiana** (fandrika fakan-tsary, colliers émetteurs, GPS) mba hizohiana ny ova endriky (dynamique) ny andiana varika sy hanangonana fampahalalana sarobidy mahakasika ny fihetsika sy fitondran-tenan'izy ireo sy ny filàny amin'ny lafiny toeram-ponenana;

3. **Fanofanana ireo Mpitari-dia sy Polisin'Ala eny ifotony** mba hampiroboroboana ny fizohiana ara-tontolo iainana ataon'ny fiarahamonina eny ifotony.

Ankoatra ny fanomezana fampahalalana sarobidy ho an'ireo ezaka fikajiana sy ny fanampiana amin'ny famantarana ireo faritra misy olana, ny fizohiana ny karazana dia nanome sehatra ny fiarahamonina eny ifotony hanana anjara asa mavitrika amin'ny fahazoana fahalalana momba ny lovantsaina voajanahary ananany sy ny fizohiana ny fahasalamany.

## Fampiharana ny lalàna sy fiadiana amin'ny fihazana sy fisamborana tsy ara-dalàna

Anisan'ny loza lehibe mitatao amin'ny varika ny fivarotana azy tsy ara-dalàna mba hatao biby fiompy sy ny fihazana sy fisamborana azy tsy ara-dalàna. Hiadiana amin'ny fanondranana varika an-tsokosoko, ny tetikasan'ny SOS Lemurs dia nanampy tamin'ny:


1. **Fanamafisana ny ezaka fampiharana ny lalàna,** tamin'ny alalan'ny fanentanana ny fiarahamonina eny ifotony mahakasika ny lalàna mifehy ny fikajiana sy ny fanamafisana ny fampiharana azy ireny amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny fandraisan'izy ireny andraikitra;

2. **Fanatanterahana ireo fepetra hiadiana amin'ny fihazana sy fisamborana tsy ara-dalàna,** amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fiambenana sy ny fanohanana ireo Polisin'Ala.

# FIANTRAIKAN'NY HETSIKA

### NIARO KARAZANA VARIKA 63 SAMIHAFA,

ka




araka ny Lisitra Menan'ny Karazana Tandindonin-doza an'ny IUCN™







© AFSGH Helpsimus

# Fanamafisana ny fizohiana ara-tontolo iainana mba hampitombo ny fahalalana sy hanampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra



© The Peregrine Fund Madagascar Project

## Karazana kendrena
Sifaka de Perrier (*Propithecus perrieri*) – Ahiana Fatratra ho Ringana

## Toerana
Faritra Arovana Andrafiamena-Andavakoera, Faritra Diana

## Mpifarimbona mpanatanteraka
Fanamby



## Olana
Na dia mahazo tombony amin'ny fananana sata fikajiana matanjaka aza ny atialan'ny Faritra Arovana, ireo rebareba (zones tampons) kosa dia miatrika ireo tandindon-doza ateraky ny fitrandrahana volamena madinika, izay manampy trotraka ny loza maharitra mitatao amin'ny varika: fitrandrahana tsy ara-dalàna ny vokatry ny ala, famokarana arina, fanaovana tavy, fihazana sy fisamborana tsy ara-dalàna, fifanitsahan-tany sy afo.

## Fiantomorana
Ho fizohiana ny fipoiran'ny tandindon-doza mitatao amin'ny fahamaroanain'ny Valanjavaboahary, hanombanana ny fiantraikan'ny ezaka fikajiana natao sy hanome fampahalalana hitarika ny fandraisana fanapahan-kevitra, dia ilaina ny fizohiana tsy tapaka ny tontolo iainan'ny andiana varika ao amin'ny Valanjavaboahary. Nisy ny tetikasa iray notanterahin'ny Fanamby, – mpitantana ny Faritra Arovana Andrafiamena-Andavakoera – nanomboka ny taona 2017 ka hatramin'ny taona 2022 izay nahafahana nanao fizohiana sy fanangonana antontan-kevitra mahakasika ny havitry ny andiana varika monina ao.

## Vokatra
- Tafapetraka ny fizohiana ny tontolo iainan'ny varika ao amin'ny Valanjavaboahary;
- **Iraka fizohiana tontolo iainana miisa 138** no tontosa (tsipika transects 30 izay mirefy 1 km ny halavany no nandehanana isaky ny telo volana);
- Karazana varika miisa 11 no fantatra tao anatin'ny Faritra Arovana;
- **Ny fizohiana ny tontolo iainan'ireo varika dia naneho fa nitombo kely ny isan'ny andiana Sifaka de Perrier nandritra ny fotoan'ny tetikasa;**
- Tao anatin'ny tetikasa no nahitana voalohany indrindra ny fisian'ny andiana Sifaka à Couronne Dorée (*Propithecus tatterssali*, CR) izay miara-miaina amin'ny andiana **Sifaka de Perrier** ao anatin'ny "corridor"-n'ny alan'Andavakoera;
- **Fanadihadiana momba ny zavamaniry 60** no notanterahina nandritra ny fametrahana ireo faritra hanaovana fizohiana maharitra 30 (mirefy 50 m x 20 m): 262 ireo karazana zavamaniry voarakitra, ary ny karazana 126 amin'ireo no fanaon'ny varika sakafo amin'ny ankapobeny ary ny 28 kosa no fihinan'ny Sifaka de Perrier manokana;
- **Ny antontan-kevitra tsy maty paik'andro mahakasika ny fisakafoan'ny Sifaka de Perrier dia nanampy tamin'ny fifantenana ny zanakazo hampiasaina amin'ny fandaharan'asa fambolen-kazo tontosain'ny Fanamby ao anatin'ity tetikasa ity, mba hampifanarahana ny paikady fanarenana ny toeram-ponenana amin'ny tontolo iainan'ny varika.**

Ity tetikasa ity, izay mitondra ny lohateny hoe: *Gold or* Propithecus perrieri: *Ireo Olana amin'ny Fitantanana Mahomby ny Faritra Arovana Andrafiamena-Andavakoera*, dia notanterahina teo anelanelan'ny volana Febroary 2019 sy ny volana Febroary 2021.

# Nohatsaraina ny fampiharan-dalàna mba hampihenana ny fihazana ny varika sy ny fivarotana azy antsokosoko



© N. Cegalerba

## Karazana kendrena

- Sifaka de Perrier *(Propithecus perrieri)* – Ahiana Fatratra ho Ringana
- Aye-aye (*Daubentonia madagascariensis*) – Ahiana ho Ringana
- Lémur Couronné *(Eulemur coronatus)* - Marefo
- Lémur Sportif de Sahafary *(Lepilemur septentrionalis)* - Ahiana Fatratra ho Ringana

## Toerana

- Faritra Arovana Andrafiamena-Andavakoera
- Tahirin-javaboahary Manokana Analamerana
- Faritra Arovana Montagne des Français

## Mpifarimbona mpanatanteraka

Alliance Voahary Gasy



### Olana

Ny fahaverezana sy fahasimban'ny toeram-ponenana anaty ala (amin'ny alalan'ny doro tanety, fitrandrahana ala tsy ara-dalàna, tavy sy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany); ary ny fivarotana sy fihazana an-tsokosoko ny varika dia tranga fahita matetika sy miparitaka amin'ireo toerana ireo. Ireo mpitrandraka ala an-tsokosoko any anaty ala lavitra any dia mihaza ireo varika hataony sakafo mandritra ny diany maharitra any anaty ala, ary misy misambotra sy mihaza ihany koa ireny varika ireny mba haondrany an-tsokosoko. Etsy andaniny, ny fitantanana tsizarizary, ny tsy fahampian'ny fampiharan-dalàna (na dia ao amin'ny faritra arovana aza), ny kolikoly, ary koa ny tsy fahampian'ny fahalalana ny lalàna mifehy ny fikajiana (ho an'ireo manam-pahefana sy ireo fiarahamonina manamorona ny faritra arovana) dia samy lesoka mamela malalaka ny firoboroboan'ny fanao tsy ara-dalàna avokoa.

### Fiantomorana

Tetikasa iray indroa miantoana (Sept 2017 - Okt 2021) izay notanterahin'ny Alliance Voahary Gasy sy ny mpifarimbona aminy izay mikendry ny hanamafisana ny fampiharana lalàna, hampiroborobo ny fahalalan'ny olona ny lalàna mifehy ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fanabeazana sy fanaovana adisisika, hampirisika ny mponina hizaka tena sy handray anjara amin'ny fampanajana ny fahamarinana eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana, indrindra fa amin'ny alalan'ny famolavolana ny kolontsain'ny fitorohana.

### Vokatra

- **Olona 31, tao anatin'izany ireo manam-boninahitra mpanao famotorana sy mpitantana ny faritra arovana, no nampiofanina** mahakasika ny andinin-dalàna nasionaly sy iraisam-pirenena (CITES), ny fanaovana tatitra momba ny fandikan-dalàna sy ny fampiasana sazy mahomby.
- Nosokafana ny **Laharana Maitso (512)** izay **azo antsoina maimaim-poana sy tsy itononana anarana** mba hanaovana tatitra mahakasika ny heloka bevava atao amin'ny tontolo iainana. Mpisolovava manokana no mitantana ny laharana ary mandray antso miisa 100 isam-bolana eo ho eo.
- Nisy ny "**guide juridique**" na **torolalana ara-dalàna** misy ny lalàna sy fitsipika azo ampiharina amin'ny fiarovana ny varika sy ny fomba fandraiketana sy fanenjehana ireo fandikan-dalàna izay novolavolaina sy natonta ho **dikamitovy 200**.
- **Kiboky miisa 1,000** no nozaraina tamin'ny mpianatra, vondrom-piarahamonina, fikambanana, sehatra tsy miankina, manam-pahefana, tao anatin'ny hetsika serasera mafonja mba hanaparitahana ny hafatry ny adisisika sy ny fampahalalana mahakasika ireo karazana varika 4 kendrena, ny tandindon-doza atrehin'izy ireo sy ny sazy mihatra raha toa misy trangana fihazana na fisamborana tsy ara-dalàna.
- Noho ny fanaraha-maso ataon'ny mponina, **varika 11 voatazona tao amin'ny hotely iray tao Ambanja no tra-tehaka ary nafindra toerana.**

Ity tetikasa ity, izay mitondra ny lohateny hoe *Fampiharana lalàna manoloana ny Fanondranana An-tsokosoko ny Varika,* dia notanterahina indroa miantoana teo anelanelan'ny volana Septambra 2017 sy ny volana Oktobra 2021.

# TOERAM-PONENANA

## Fiarovana sy fitantanana ny toeram-ponenana

Ny fahasimbana sy ny fitsipotipotehan'ny toeram-ponenana dia iray amin'ireo antony lehibe mitarika amin'ny fihenan'ny andiana varika efa am-polo taonany maromaro lasa izay. Tamin'ny alalan'ny fiantomorana feno sy marolafy, ny tetikasan'ny SOS Lemurs dia nanatanteraka fitambarana hetsika niadiana tamin'io loza lehibe mitatao io, izay nanampy tamin'ny:



© Naturevolution Madagascar



© D. Roullet

1. **Fanamafisana ireo Polisin'Ala** mba hisoroka ireo lahasa tsy ara-dalàna (toy ny fihazana sy fisamborana biby an-tsokosoko, fanapahana ny ala, sy ny fifanitsahan-tany) ary koa ny fitadiavana sy ny fiatrehana ireo hamehana;
   Noho ny fisian'ny tetikasan'ny SOS Lemurs, nitombo isa ireo Polisin'Ala sy ny fahatetehan'ny fisafoana ataon'izy ireo. **Nomena ny fitaovana sy ny hoenti-manana** ilainy ireo Polisin'Ala hahatontosany ny andraikiny ara-dalàna, ary nomena **fanofanana manokana** ihany koa izy ireo (ohatra: fanofanana mahakasika ny fampiasana ny firafitra SMART - Spatial Monitoring and Reporting Tool);

2. **Fanamafisana ny fitantanana ireo faritra arovana,** ao anatin'izany ny famerana ny sisin-taniny amin'ny alalan'ny fametrahana takelaka famantarana hamaritana ny faritra ivony (ohatra: ao amin'ny Faritra Arovana Loky Manambato sy ny Tahirin-javaboahary Vohimana) sy amin'ny alalan'ny fisafoana ataon'ny mpitandro ny filaminana ho fampanajana ny fetran'ny faritra arovana;

3. **Fametrahana aro afo** mba hanampy amin'ny fifehezana na hisorohana ny fiparitahan'ny afo, ary hamela ny zavamaniry hihavao amin'ny fomba voajanahary.

Eo am-piarovana ny toeram-ponenan'ny varika, ireo hetsika ireo dia nitondra fiantraikany ara-tontolo iainana mivelatra kokoa ho an'ny rohivoahary ankapobeny.

# Fiarovana amin'ny afo mba hamelana ny zavamaniry hihavao amin'ny fomba voajanahary


© The Phoenix Conservancy

## Karazana kendrena
Lémurien à queue annulaire (*Lemur catta*) – Ahiana ho Ringana

## Toerana
Ny "Ala Very" ao Ivohiboro

## Mpifarimbona mpanatanteraka(maro)
Ny Phoenix Conservancy sy ny Institut pour la Conservation des Ecosystèmes Tropicaux de Madagascar



## Olana
Ny loza mitatao lehibe indrindra amin'ny ala dia avy amin'ireo doro tanety izay mitranga amin'ny sisin'ny ala isan-taona. Saika nopotehin'ny doro tanety avokoa ny ankamaroan'ny ala rehetra nandrakotra in faritra iny teo aloha, ka namela ny Ala Verin'Ivohiboro ho voahodidin'ny tanety simba, feno ahitra manafika mora andairan'ny afo, izay mitandavana kilometatra maro amin'izay rehetra itodihana. Ny fizarazaran'ny toeram-ponenana no nahatonga ny fihenan'ny ala ho amin'izao hakeliny tsy maharitra izao (1.215 ha), izay vao mainka mametraka ireo karazana varika ao Ivohiboro sy ny fahamaroanain'ny ala voajanahary ao ho tandindonin-doza kokoa. Etsy andaniny, ny tsy fisian'ny hirika ara-toekarena hafa eo an-toerana dia mampitombo ny tsindry amin'ny ala amin'ny lafiny famatsiana kitay handrahoana sy rano no sady mampitombo ny mety hisian'ny fitrandrahana ala tsy ara-dalàna rehefa miady mafy mitady izay hivelomany ny fiaraha-monina.

## Fiantomorana
Amin'ny alalan'ny famoronana aro afo manodidina ny faritry ny ala sy ny fametrahana karazana mpisava lalana ho singa manan-danja amin'ny aro afo, ny tetikasa dia mikendry ny hampitsahatra ny fandripahan'ny afo ny ala sy hamorona fepetra hahafahan'ny karazana amin'ny ala mando mivelona, izay mamela ny ala hihitatra. Rehefa mandroso ny fifandimbiasana, ireo aro afo dia ho toy ny lalan-tsara eo anelanelan'ny vatana ala lehibe sy ireo ala mitsipotipotika mitoka-monina, izay mampihena be ny mety hisian'ny faharinganana noho ny fitsitokatokanan'ireo ala mitsipotipotika. Farany, ny famoronana hirika ara-toekarena hafa ho an'ny fiarahamonina manodidina dia hamorona hirika ara-toekarena fanampiny izay hampiroborobo ny fambolen-kazo sy hametraka fototra ho an'ny fanao maharitra.

## Vokatra
- Manodidina ny **40 km eo ho eo ny aro afo** napetraka manodidina ny Alan'Ivohiboro, izay mamela ny fisian'ny **fihavaozana voajanahary eo amina velarana 2.480 ha eo ho eo;**
- **Ala Lavak'amboahaolo miisa 230** no naorina sy novolena karazana mpisava lalana, izay maneho **fanarenana mivantana mahatratra 2 ha eo ho eo.** Ny Ala Lavak'amboahaolo – **teknika vaovao fanavaozana ala mando** – dia natao indrindra hamerenana amin'ny laoniny ny ala mando sy hiarovana amin'ny afo. Ny lavak'amboahaolo tsirairay dia faritra kely boribory (10 m ny savaivony) iray novolena karazana hazo sy kirihitra mpisava lalana ary voahodidin'ny aro afo. Rehefa matoy izy ireny dia manome alokaloka, hamandoana ary voa mba hitomboan'ny karazan-javamaniry ao amin'ny ala ivelan'ilay faritra voalohany (famerenana ny fifandimbiasana voajanahary), ary any amin'ny farany, dia hampifandray ireo lavak'amboahaolo amin'ny sisin-tanin'Ivohiboro ankehitriny, noho izany, hanitatra be ny ala;
- **Maherin'ny 6.000 kg** ny masombolina karazana mpisava lalana novidiana sy nambolena;
- Misy tambajotrana aro afo sy karazana mpisava lalana amin'izao mihitatra mianavaratra izay mampitohy ireo ala mitsipotipotika mitoka-monina amin'ny vataben'ny alan'Ivohiboro. Izany dia mampiheny ny mety hahalany tamingana ny karazana noho ny fizarazaran'ny toeram-ponenana.
- **Mponina maherin'ny 6.000** avy amina tanàna eny ifotony no nahazo tombontsoa tamin'ny **asa fivelomana hafa miisa 4 miavaka**: fanaovana aro afo, fanangonana sy fivarotana masombolina karazan mpisava lalana, mamafy ireny voa ireny manamorona ny ilany arovana amin'ny aro afo, sy ny fananganana ny Ala Lavak'amboahaolo.
- Nahazo fiofanana mahakasika ny teknika famonoana afo ny fiarahamonina mba hiarovana ireo ala mitsipotipotika, ireo tanàna, ireo toeram-pambolena sy ireo faritra manan-danja;
- **Nampitsahatra tanteraka ny fandoroana manodidina ny alan'Ivohiboro ireo mponina eny ifotony,** izay maneho fiovam-pihetsika amam-pitondrantena avy amin'ny lahasan'ny tetikasa.
- **Tsy nisy trangana afo** voarakitra tao Ivohiboro sy ny manodidina.

Ity tetikasa ity, izay mitondra ny lohateny hoe *Fiarovana Vonjy Taitra amin'ny Afo sy ny Fanarenana ny Ala Verin'Ivohiboro eto Madagasikara,* dia notanterahina teo anelanelan'ny volana Jona 2020 sy Jolay 2022.

## Fanarenana ny toeram-ponenana

Manoloana ny zavamaniry voajanahary izay latsaky ny 10% sisa tavela, ny fanarenana ny endritany simba eto Madagasikara dia zava-dehibe amin'ny fikajiana ny fahamaroanaina, ny fikojakojana ireo tolotra mifandraika amin'ny rohivoahary, ny fampihenana ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny fampiroboroboana ny asa fivelomana maharitra sy ny fiarovana ny lovantsaina.

Singa fototra ao anatin'ny SOS Lemurs ny famerenana amin'ny laoniny ny toeram-ponenana, miaraka amin'ireo hetsika famerenana amin'ny laoniny isan-karazany izay tanterahina manerana ny kitapon-tetikasa, izay manampy amin'ny:

1. **Fambolen-kazo**: Ny ankamaroan'ny tetikasan'ny SOS Lemurs dia nanatanteraka fandaharanasa **fambolen-kazo mavitrika** mba hamerenana amin'ny laoniny ireo ala simba – sy, any amin'ireo toerana sasany, hifehezana ny fikaohan-tany – amin'ny alalan'ny fambolena karazan-kazo zana-tany, izay ambolena any amin'ireo tanin-janakazo. Na dia sarobidy ho an'ny tontolo iainana tokoa aza ny famerenana mampiditra karazan-kazo zanatany, nisy ihany koa ireo karazan-kazo vahiny sasany novolena noho ireo tombony ara-toekarena ananany sy ny fampiasana azy ireny ho an'ireo fiarahamonina manamorona ny faritra arovana, ao anatin'izany ny famatsiana arina fandrehitra vita avy amin'ny hazo, izay ampiasain'ny maherin'ny 97%-n'ny tokantrano ho loharanon'angovo hoentina mahandro sakafo.

2. **Fampitomboana ny fifandraisan'ny toeram-ponenana / fampifandraisana lalantsaran'ala:** Ny fizarazaran'ny toeram-ponenana no nahatonga ny fisian'ny ala mitsipotipotika mitoka-monina, izay mametraka ny varika manoloana ny loza mitataon'ny fahariganana tsy mitsaha-mitombo. Amin'ny alalan'ny fampifandraisana ireo ala mitsipotipotika ireo, ao anatin'izany ireo lalantsaran'ny ala (oh.: Ankeniheny-Zahamena, Ambositra-Vondrozo sy ny Ala Mitohin'i Bongolava), ireo tetitkasa dia nanamora ny fifindrafindran'ny andiana varika eo amina toeram-ponenana sy – amin'ny lavitra ezaka – nampirisika ny fiampitampitan'ny fototarazo.

3. **Fanarenana ireo tany mando**: Toeram-ponenana manan-danja ireo tany mando noho izy manome tolotra tena ilaina avy amin'ny rohivoahary, saingy nopotehina be ihany koa izy ireny. Ny ezaka fanarenana ny Farihin'ny faritra Alaotra[2] dia nanampy tamin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny rano, ny famerenana amin'ny laoniny ny zavamaniry, sy ny fanatsarana ny fizarazaran'ny rano sy ny fihetsehany voajanahary.

4. **Fitantanana ireo karazana manafika**: Ny fitantanana ireo karazana manafika dia lafiny iray lehibe amin'ny fanarenana toeram-ponenana, noho izy ireny loza mitatao ho an'ny fahamaroanaina eto Madagasikara. Tafiditra tao anatin'ny tetikasan'ny SOS Lemurs ny fanesorana amin'ny tanana ireo karazana vahiny manafika sy ny fanentanana ny fiarahamonina.

Nikendry ny hanarina ny fiasan'ireo endritany simba eo amin'ny tontolo iainana ny SOS Lemurs tamin'ny alalan'ny fampiasana fiantomorana feno momba ny fanarenana ny endritany.

2 Tetikasa *Fampaharetana ny honahona ho an'ny Bandro; Miantoka ny Fiarovana ny Toeram-ponenana Manan-danja Indrindra ao anatina Tontolo Voajanahary sy Ara-tsosialy sy Ara-toekarena Mavitrika sy Feno Fanamby*





© Fredo Tera MBP

# Fanarenana honahona sy fanalana karazana manafika



© Chris Scarffe

## Karazana kendrena

Alaotran gentle lemur (*Hapalemur alaotrensis*) – Ahiana Fatratra ho Ringana

## Toerana

Faritra Arovana Farihin'Alaotra, Faritra Alaotra-Mangoro

## Mpifarimbona mpanatanteraka

Durrell Wildlife Conservation Trust



## Olana

Ny Bandro, antsoina amin'ny teny vahiny hoe Lémuriens doux de l'Alaotra, dia voafetra ao amin'ireo toeram-ponenana honahona amin'ny Farihin'Alaotra, izay miatrika tsindry miparitaka sy tsy mitsaha-mitombo avy amin'ireo olona mipetraka amin'ny tanàna manodidina ny morom-parihy. Ny fahaverezan'ny toeram-ponenana vokatry ny fandoroana ireo honahona mba hamadihana azy ireo ho tanimbary no loza mitatao voalohany indrindra atrehin'ireo karazany. Manodidina ny 2.000 ha ny honahona may isan-taona. Manampy trotraka ity olana ity ny famerana ny fihavaozana voajanaharin'ny toeram-ponenana honahona noho ny fisian'ireo karazana manafika, ao anatin'izany ny salvinia (*Salvinia molesta*) *sy ny tsikafonkafona (Eichornia crassipes)*.

## Fiantomorana

Mba hampihenana ny fandoroana ny honahona, ary miaraka amin'izay, mba hanatsarana ny kalitaon'ny honahona sy ny fifandraisany mba hampitombo ny toeram-ponenana tandrify ny varika, ny tetikasa izay notanterahin'ny Durell Wildlife Conservation Trust sy ny mpifarimbona aminy dia i) namerina tamin'ny laoniny mavitrika ny toeram-ponenana honahona, ii) niara-niasa tamin'ireo mpanjono hanala ny zavamaniry manafika teo amin'ny faritry ny honahona simba mba hanohanana ny fihavaozana voajanahary, iii) nanentana ny fiarahamonina mba hampihenana ny finiavan'izy ireo mandray anjara amin'ny fanalana honahona tsy ara-dalàna, iv) nanamafy ny fizohiana sy ny fampiharana lalàna ary v) nanohana safidy hafa ho an'ny fiarahamonina eny ifotony amin'ny fampiasana ireo vokatra azo avy amin'ny fanodinana karazana manafika anaty rano.

## Vokatra

- **Honahona mirefy 43.3 ha no voavoly** tamina toerana 7;
- **Lakan-drano mirefy 14.3 km sy velarana farihy mirefy 5.91 ha** feno karazana manafika no nodiovina tamina toerana 3;
- Maherin'ny **11 taonina** ny komposta azo avy amin'ny fanodinana ny karazana manafika (tsikafonkafona sy chataîgne d'eau) ho tonga zezika biolojika tamin'ny taona 2020 tamina tanàna telo;
- **Iraka iombonana miisa 40** no notanterahin'ny ekipa izay nahitana ny solontenan'ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra (DREDD), ny Fitaleavam-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga (DRPEB) ary ny Zandarimariam-pirenena;
- **Fandikan-dalàna 6** mahakasika ny fanapahana honahona tsy ara-dalàna sy ny fandrobana tany no natolotra ny fitsarana. Ny fanamelohana ny mpanao heloka bevava iray dia dingana lehibe iray ary ho ohatra ho an'ny tranga any aoriana;
- Nisy **lalao fanabeazana momba ny tany mando** no nolalaovina tamina tanàna 14 mba hampitana ny hafatra mahakasika ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena tamin'ny alalan'ny hetsika fiovam-pihetsika amam-panao.

Amin'ny ankapobeny, ny famongorana ireo zavamaniry manafika dia nanampy tamin'ny **fitazonana ny lazan-drano sy ny dobo ho madio mba hanisy lalana hahafahan'ny mpanjono mamonjy ny rano,** izay mampihena ny filàna mandoro sy manapaka ny honahona hanaovana lakan-drano vaovao hatao lalana izay vao mainka manimba ny honahona. Nanampy ihany koa izany tamin'ny **fanadiovana sy fanomezana oksizena ny rano** ho tombontsoan'ny olona sy ny tahirin-trondro, izay hampitombo ny fahafahana manjono. Farany, ny famadihana ireo karazana manafika ho tonga komposta biolojika mba hatao zezika ho an'ny fambolena dia tena dingana lehibe iray miabo mankany amin'ny **famokarana ara-pambolena maharitra,** mampiasa ny vokatra avy amin'ny hetsika fikajiana mba hanatsarana ny vokatra miakatra tsy mila vokatra simika (noho izany dia manatsara ny kalitaon'ny tontolo iainana any Alaotra) na fahaverezan'ny toeram-ponenana misimisy kokoa (mampihena ny filàna manadio faritra hafa mba hanitarana ny faritra ambolena), izay mitarika mankany amin'ny **tokantrano mizaka tena ara-bola izay manana sakafo tsaratsara kokoa mandavan-taona**.

Ity tetikasa ity, izay mitondra ny lohateny hoe *Fampaharetana ny honahona ho an'ny Bandro; Miantoka ny Fiarovana ny Toeram-ponenana Manan-danja Indrindra ao anatina Tontolo Voajanahary sy Ara-tsosialy sy Ara-toekarena Mavitrika sy Feno Fanamby,* dia notanterahina teo anelanelan'ny volana Janoary 2019 sy Janoary 2021.

# OLONA

## Fandraisan'ny fiarahamonina anjara

Ny fandraisan'ny fiarahamonina anjara dia nitoetra teo amin'ny ivon'ny lahasa sy ny vokatry ny hetsika SOS Lemurs rehetra. Ny ankamaroan'ny vokatra azo avy amin'ny tetikasa dia tsy notanteraka raha tsy nisy ny fanohanan'ny fiarahamonina eny ifotony sy ny fandraisany anjara, izay nohamorain'ny fifandraisana maharitra ela sy ny fifampitokisana napetraka niaraka tamin'ireo nahazo famatsiam-bola.

Ao amin'ny tetikasan'ny SOS Lemurs, **nandray anjara mavitrika** tamin'ny ezaka fikajiana ireo vondrom-piarahamonina, na tamin'ny maha Polisin'Ala izy ireo, na mpitari-dia eo an-toerana, na mpandray anjara amin'ny asa fanarenana (fambolena zanakazo, fanesorana karazana manafika, fametrahana aro afo), na mpiasa ao amin'ny tanin-janakazo, sns.

Nisy fiantraikany lehibe izany tamin'ny lafiny:

1. **Fahafahana mizaka tena**: Ny tetikasa dia nanampy tamin'ny fampiroboroboana ny fitompoan'ny fiarahamonina ny asa fikajiana ny rohivoaharin'ny ala sy ny fandraisany andraikitra amin'izany, ary manainga azy ireo hitantana ny tontolo iainany;

2. **Fanamafisana fahaiza-manao**: Tamin'ny alalan'ny fanofanana isan-karazany (ohatra: fisafoana ala, fiadiana amin'ny afo, fizohiana ny varika, fitantanana tanin-janakazo, fanaovana tatitra raha misy fandikan-dalàna sy heloka bevava, sns.), ny tetikasa dia nanampy tamin'ny fanomezana hirika hianarana sy hanamafisana fahaiza-manao teny ifotony;

3. **Fanentanana**: Nanampy tamin'ny fanentanana ny fiarahamonina mahakadika ny krizy atrehin'ny fahamaroanaina eto Madagasikara ny tetikasa, nanentana ny olona mahakasika ny maha zava-dehibe ny fampiasana maharitra ireo harena voajanahary sy ny tombontsoa ara-toekarena, ara-tsôsialy sy ara-tontolo iainana azo avy amin'ny varika sy ny fahamaroanaina eto Madagasikara amin'ny ankapobeny, izay nanampy tamin'ny fampihenana ny tandindon-doza eo an-toerana;

4. **Fanatsarana ny asa fiveloman'ny mpiara-monina:** Niteraka endrika fanonerana isan-karazany, na ara-bola na tsia (toy ny fizarana masomboly, hazo fihinam-boa, sakafo, sns.) ny asa fikajiana izay notanterahin'ny fiarahamonina.

Ny fandraisana anjara mivantana nataon'ny fiarahamonina eo an-toerana amin'ny ezaka fikajiana dia nampihena ny fihazana sy ny fisamborana ataon'ny mpanararaotra sy ny fanimbana ny toeram-ponenana (ao anatin'izany ny fitrandrahana ny ala tsy ara-dalàna sy ny fisorohana ny tany), nampitombo ny fahafantaran'ny olona ny maha zava-dehibe ny varika, ary nampiroborobo ny fampiasana maharitra ny harena voajanahary.


© GERP MNB

# Fampihenana ny loza mitatao amin'ny varika amin'ny alalan'ny fandraisana fepetra fanalefahana ny fifanolanana eo amin'ny olona sy ny bibidia



© AFSGH Helpsimus

## Karazana kendrena

Greater Bamboo Lemur na great hapalemur (*Prolemur simus*) – Ahiana Fatratra ho Ringana

## Toerana

Ny sisiny manamorona ny Valanjavaboahary Ranomafana (atsimo atsinanan'i Madagasikara)

## Mpifarimbona mpanatanteraka

Association Française pour la Sauvegarde du Grand Hapalémur (AFSGH) - Helpsimus

### Olana

Ny fandaharanasa dia mikendry ny andiany lehibe indrindra amin'ny hapalemurs lehibe, efa ho 400 isa amin'ny tontaliben'ny andiany izay miisa 1.000 eo ho eo. Ity andiany ity dia mipetraka amin'ny tanim-pambolen'ny tanàna maro izay mampiasa ny volo na bamboo ho fitaovana fanorenana sy manadio ny tany mba hamboleny vary, fary, kafe ary tsaramaso. Koa satria tena miavaka tokoa ny sakafon'ny Lémur Bamboo lehibe kokoa ary volo ny ankamaroany, ny fanimbana ny alana volo dia miteraka olana lehibe amin'ny fikajiana ity karazana ity.

Fanampin'izany, eo anatrehan'ny fitomboan'ny tsindry amin'ny toeram-ponenan'ny varika, dia matetika no hita manimba ny tanimbary ambolen'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana ireo varika. Izany fahasimbana izany matetika dia mitranga amin'ny faritra onenan'ny biby tena voan'ny tsindry be indrindra: any amin'ny toeram-ponenana izay tena simba indrindra noho ny fanaovana tanimbary.

Eo anatrehan'ny fitomboan'ny isan'ny andiana varika, ary vokatr'izany, ny fitomboan'ny fahasimban'ny voly amin'ny faritra sasany, mitombo an'isa ireo tantsaha mpamokatra eny an-toerana izay tsy faly amin'ny varika, indrindra ireo izay miantehitra manontolo amin'ny voka-pambolena mba hivelomana.



### Fiantomorana

Tamin'ny alalan'ny tetikasa nanomboka ny taona 2017-2021, ny Helpsimus sy ireo mpifarimbona aminy dia nanatanteraka hetsika hanampiana ny firindram-piaraha-monina eo amin'ny vondrom-piarahamonina sy ny biby miara-miaina eny ifotony, no sady miantoka ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary sy ny fampandrosoana maharitra ny fiarahamonina.

Ny tetikasa dia namolavola teknika hanalavirana ny varika amin'ny voly, toy ny **fiambenana ny voly**, mba hampihenana ny fahasimban'ny vary sy ny fary vokatry ny ataon'ny varika. Mandritra ny fotoam-pijinjam-bary indroa isan-taona dia mifandimby miambina tanimbary ireo mpiambina ny andro sy ny alina vantany vao matoy ny voambary ary mandra-pijinjana azy, satria amin'izay fotoana izay no tena itrangan'ny fanafihana.

### Vokatra

- **Fokonolona miisa 46** no noraisina sy nofanina ho mpiambina vary
- Tsy nisy na dia iray aza tamin'ireo tanimbary narovana (100 teo ho eo) no notafihin'ny varika
- **Tetezana fandehanana an-tongotra efatra** no naorina teo amin'ny faritra fandalovan'ny varika, izay ampiasain'izy ireo matetika
- Ny fahombiazan'ny rafitra fiambenana ny voly dia naharesy lahatra ny tantsaha mba hanao toy izany koa any amin'ny tanàna hafa
- Nohatsaraina ny fari-piainan'ny mponina any an-toerana tamin'ny alalan'ny fiarovana sy ny fanatsarana ny voka-pambolena, ary koa ny famoronana asa vaovao izay miteraka fidiram-bola (fitsidihana anaty fanajana ny natiora mba hijery varika)
- **Teo anelanelan'ny taona 2017 sy 2021, nitombo avo 1,6 heny ny isan'ny Hapalemurs lehibe noho ny fandaharanasa fiambenana ny voly vary.**

Ny fahombiazan'ny tetikasa fiarovana ny voly sy ny fandraisan'ny olona anjara mivantana tamin'ny famahana ny fifanolanana dia tena nilaina mba hiantohana ny faharetan'ny asa fiarovana sy ny fandraisan'ny vondrom-piarahamonina ao an-toerana anjara maharitra amin'ny fiarovana ny Lémur Bamboo lehibe kokoa mandritra ny fotoana.

Ity tetikasa ity, izay mitondra ny lohateny hoe *Fandaharanasa Lémur Bamboo*, dia notanterahina indroa miantoana teo anelanelan'ny volana Septambra 2017 sy Desambra 2021.

# Fampihenana ny fihazana varika amin'ny alalan'ny fanomezana loharanon-kena hafa maharitra, fihatsaran'ny sakafo ambanivohitra sy ny fanjariantsakafo



© Cortni Borgerson

## Karazana kendrena

- Red ruffed lemur (*Varecia rubra*) – Ahiana Fatratra ho Ringana
- White-fronted brown lemur (*Eulemur albifrons*) – Ahiana ho Ringana
- Scott's sportive lemur (*Lepilemur scottorum*) – Ahiana ho Ringana
- Moore's woolly lemur (*Avahi mooreorum*) – Ahiana ho Ringana
- Aye-aye (*Daubentonia madagascariensis*) – Ahiana ho Ringana
- Hairy-eared dwarf lemur (*Allocebus trichotis*) – Marefo
- Masoala fork-marked lemur (*Phaner furcifer*) – Marefo
- Seal's sportive lemur (*Lepilemur seali*) – Marefo
- Northern bamboo lemur (*Hapalemur occidentalis*) – Marefo

## Toerana

Valanjavaboaharin'i Masoala (Toerana voasokajy ho Lovantsaina lombonam-pirenen'ny UNESCO)

## Mpifarimbona mpanatanteraka

California Academy of Science sy Ivon-toeran'ny Fahamaroanaina eto Madagasikara



## Olana

Miatrika fanamby roa i Madagasikara amin'ny lafiny fahamaroanaina sy ny fahasalamam-bahoaka. Ity nosy ity dia sady iray amin'ireo firenena manankarena fahamaroanaina indrindra no iray amin'ireo anjakan'ny tsifanjariantsakafo indrindra eto an-tany. Ny fahavaloman'ny varika tsy misy afa-tsy eto Madagasikara dia miankina amin'ny fihazana maharitra ataon'ireo mponina tsy ampy sakafo, izay mazàna mihaza azy ireo mba hataony sakafo. Ao amin'ny faritr'i Masoala, ny tsifanjariantsakafo no antony tena mahatonga ny olona hamandrika varika. Vitsy ireo safidy azo anoloana ny hena avy amin'ny bibidia no manana habetsahana ampy ary maro amin'izy ireo no miserana fotsiny ihany.

## Fiantomorana

Amin'ny alalan'ny fampitomboana ny fahafaha-mividy, ny fisiana ary ny kalitaon'ny sakafo azo avy amin'ny bib yeo amin'ny tanàna izay misy ala mandray anjara amin'ny fanjarian-tsakafo, ny tetikasa dia mikendry ny hanatsara ny sakafo ambanivohitra sy ny fanjariantsakafo amina fomba izay mampihena farafahakeliny 50% ny fihazana ireo varika lasibatra. Koa satria ny bibikely dia anisan'ny sakafo ara-potoana tsy azo ialana ho an'ny foko maro, ny tetikasa dia nikendry ny hanatsara sy hanitatra ny fiompiana bibikely fihinana miaina anaty ala be dia be, sakondry (*Zanna tenebrosa*) mba hampihenana ny fihazana mikendry ireo varika tandindonin-doza.

## Vokatra

- **Tokantrano 87 eo ho eo** ao amina tanàna andrana telo no nisitraka mivantana, ara-tsakafo sy ara-toekarena, ny fandaharanasa fiompiana sakondry (ao anatin'izany ny fambolena ny kabaro, ilay zavamaniry hivelomany);
- **Nomena fanofanana manokana mivantana momba ny teknikam-piompiana** ny bibikely **sy ny teknikam-pambolena** ny kabaro hivelomany ireo tokantrano misitraka ny fandaharanasa;
- **Nihatsara ny fahafaha-mividy sakafo:** ny tokantrano rehetra dia nitatitra ny fahazoany tombony tamin'ny sakafo na ny vola niditra taminy avy tamin'ny famokarana kabaro;
- **Nitombo ny sakafo**: maro ny singa mpamelona entin'ilay bibikely fihinana, mihoatra lavitra no ho ny entin'ireo biby fiompy hafa rehetra. Ambony ny an'ny sakondry no ho ny an'ny akoho sy ny hen'omby raha ny fatran'ny hery, ny proteina, ny potasioma, ny diontsokay, ny vy, ary ny zinc entiny ary tsara lavitra koa ny tahan'ny fiovan-tsakafo sy ny fitehirizana singa mpamelona ao amin'ny sakondry no ho ny an'ny henana biby fiompy hafa.
- **Nihatsara ny fisian'ny sakafo:** nametraka andiana sakondry ompiana marin-toerana tsara ny tetikasa, izay misy amin'ny habetsahana ampy mba hamaly ny filàna hena remby maharitra;
- **Nihena ny Fihazana Varika:** nihena 56% miohatra amin'izay voarakitra tao amin'ny fanadihadiana voalohany ny fihazana varika. Tombanana ho varika atahorana ho ringana miisa 58 no "avotra" nandritra ny telo taona naharetan'ny tetikasa;
- Raha atambatra, **karatra fanofanana miisa 3.000** no namboarina sy natonta ho torolalana hitamaso amin'ny fiompiana bibikely;
- Noforonina sy nifampizarana tamina fikambanana 3 eto Madagasikara izay mazoto mamerina ireny ezaka ireny ny votoatin-desona amin'ny hasim-piofanana.
- Mifanohitra amin'ireo hetsika ara-pambolena maro hafa, ny lahasan'ny tetikasa dia **nanatsara ny vokatra ara-pambolena sy ny sakafo kanefa tsy nampitombo ny fahaverezan'ny toeram-ponenana.**

Ity tetikasa ity, izay mitondra ny lohateny hoe Fiantomorana mifototra amin'ny zava-misy mba hampihenana ny fihazana tsy ara-dalàna ny Varika Tandindonin-doza ao amin'ny Saikinosin'i Masoala eto Madagasikara, dia notanterahina teo anelanelan'ny volana Janoary 2019 sy ny volana Desambra 2021.


© GERP MNB


© S. Meys

## Lahasa mampidi-bola sy asa fivelomana hafa

Ny fampivoarana ny lasaha mampidi-bola dia mikendry ny hanome loharanom-bola hafa amin'ny alalan'ny asa ara-toekarena maharitra. Ao anatin'ny SOS Lemurs, ny tanjona ankapoben'ireo lahasa ireo dia ny hanamaroana karazana ny vola miditra sy ny loharanon-tsakafo, hampihenana ny fahantrana sy hanatsarana ny fahasambaran'ny fiarahamonina eny an-toerana, no sady manohana ny ezaka fikajiana ny varika sy mampihena ny tsindry mihatra amin'ny harena voajanahary.

Mba hanohanana ny fandraisan'ny tsirairay anjara sy ny faharetany ara-toekarena amin'ireo hetsika ireo, ny tetikasa dia nanome azy ireo ny fahalalana sy ny fahaiza-manao ary ny fitaovana ilainy, noho izany, dia nandray anjara tamin'ny **fanamafisana fahaiza-manao.**

Ny tetik'asa SOS Lemurs dia nanohana ireto asa fivelomana manaraka ireto:

1. **Ecotourisme (fitsidihana anaty fanajana ny natiora):** Ny ankamaroan'ny lahasa dia nahitana fananganana sy fanavaozana "bungalows", toeram-pisakafoana, lakozia, toeram-pidiovana, sy ny fananganana tsena fividianana fahatsiarovana[3] sy tilikambo fanaovana fandinihana/lampihazo handinihana varika. Ny tetikasa[4] iray tao amin'ny Faritra Arovana Vohimana ihany koa nanokatra lalana roa vaovao fitsidihana ny zavaboahary hitsangatsanganan'ny mpizahatany mpandeha an-tongotra maharitra. Na dia teo aza ny fihanaky ny valan'aretina COVID-19, namorona asa isan-karazany teny an-toerana ireo tetikasa, toy ny mpitari-dia mahafehy ny tontolo iainana na mpiasan'ny trano fandraisam-bahiny.
2. **Famokarana asa tanana:** Ny famokarana sy fivarotana vokatra vita tanana toy ny firavaka, fitafy sy harona dia notanterahina tamina tetikasa vitsivitsy. Ohatra amin'izany ny tetikasa[5] iray izay nampiasa ny fahaiza-manao ara-teknikan'ny mpanao firavaka Frantsay iray hanofanana vehivavy miisa 12 mba hahaizan'izy ireo manamboatra firavaka vita avy amin'ny voan-javatra.
3. **Fambolena maharitra sy fampiasana vokatra biolojika amin'ny fambolena**: Nisy ny fahaiza-manao manokana ara-teknika sy fanofanana mahakasika ny fambolena maharitra fiovaovan'ny toetr'andro sy ny teknikam-pambolena mitsinjo ny tontolo iainana nomena mba hampitombo ny vokatra miakatra sy hanatsarana ny fanjarian-tsakafon'ny fiarahamonina. Ohatra, tetikasa maro no nanofana ny fiarahamonina mahakasika ny teknika fambolem-bary "voly vary maro anaka" na SRI-Système de Riziculture Intensive. Amin'ny ankapobeny, ireo fiarahamonina dia naniry ny hahazo tohana amin'ny fambolena ireo voly hatao sakafo (oh.: vary sy katsaka) sy ny voly mampidi-bola (lavanila, jirofo, sakamalao, tamotamo, kafe sy voana mahabibo.)
4. **Fiompiana**: Ny fiompiana akoho sy trondro no tena betsaka indrindra notohanan'ny tetikasa, fa teo ihany koa ny fiompiana ondry, bitro sy gana.
5. **Tohana amin'ny lafiny fitsaboana biby fiompy**: Nanohana hetsika fanaovam-baksiny ny tetikasa mba hampihenana ireo akoho matin'aretina. Ohatra, tetikasa iray tany Betampona[6] no nanohana ny fanaovana vaksiny akoho miisa 87.060 nandritra ny hetsika fanaovam-baksiny miisa 8. Ny fandraisan'ny tokantrano miisa 327 anjara tamin'ireo hetsika fanaovam-baksiny miisa 8 ireo no nampihena ny taham-pahafatesan'ny akoho vokatry ny aretina "ramoletak'akoho" na "maladie de Newcastle".

3 *Fandaharanasa Lémur Bamboo: tsena* 3 no natsangana eo amin'ny fidirana mankao amin'ny Valanjavaboahary Ranomafana (fivarotana asa tanana)

4 L'Homme et l'Environnement: fiarovana ireo varika ao amin'ny Tahirin-javaboahary Vohimana ahiana fatratra ho ringana amin'ny alalan'ny fiarovana tsara ny tany (fisafoana ifandrimbonana), fambolen-kazo amin'ny lalantsaran'ny ala, fikarohana siantifika ary fanamafisana ireo safidy hafa ara-toekarena (agroforesterie sy écotourisme)

5 *Fandaharanasa Lémur Bamboo*

6 Vondron'ny Biby sy Zavamaniry eto Madagasikara: Fampihenana tsy mifampiandry andraso ny fanangonana hena remby sy ny fikapana hazo an'ala mba hiarovana ny varik'i Betampona sy hanohanana ny fampandrosoana ny fiarahamonina eny ifotony



© GERP MNB



© OHDZA Kianjavato

6. **Fampandrosoana ny orinasa madinika:** Tetikasa maro no nanohana ny **fiompiana tantely** tamin'ny alalan'ny fizarana toho-tantely, akanjo sy fitaovam-piarovana, fitaovana fangalana mamin-tantely sy fanofanana mahakasika ny famokarana tantely. Ny tetikasa iray[7] tao amin'ny Faritra Arovana Vohimana dia nanohana ihany koa ny famokarana lohamenaka, izay namidin'izy ireo tamina orinasa tsy miankina mba haondrana any ivelany.

7. **Fatana fandrahoan-tsakafo nohatsaraina:** Ireny fitaovana fandrahoana ireny dia novolavolaina mba hampihenana ny fampiasana biomass (zavatra organika) hatao fandrehitra (toy ny kitay na saribao) ary hanenana ho kely indrindra ny famoahana entona manimba raha oharina amin'ny afo kitay mampiasa toko mahazatra na ny fatana mahazatra. Tanterak'izy ireo izany amin'ny alalan'ny fisian'ny toetoetra mampiavaka azy toy ny efitr'oro (chambre de combustion) voaefitra, fifehezana tsara kokoa ny topan-drivotra sy ny fomba fitazonana hafanana. Ny fividianana fatana mahomby dia notohanan'ny tetikasa[8] iray natao tao amin'ny alan'i Betampona mba hampihenana ny filàn'ny olona mankany anaty ala mba hitadiavany kitay handrahoana sakafo isan'andro. Ny vokatra azo tamin'ny alalan'ny fizarana fatana miisa 2.100 ho ana tokandrano miisa 1.406 dia naneho fa nihena maherin'ny 30% ny fitadiavan'ny olona kitay.

Ny fisafidianana asa fivelomana hafa dia miankina amin'ny zava-misy eo an-toerana ary ny fahaiza-manao sy ny fahalianan'ny fiarahamonina na ny olona tsirairay voakasik'izany. Ny tetikasan'ny SOS Lemurs dia nampiasa fiantomorana feno izay mihevitra ireo lafiny ara-tontolo iainana, ara-tsosialy sy ara-toekarena mba hiantohana ny fahobiazana sy ny faharetan'ireny hetsika ireny. Amin'ny ankapobeny, ny fanatanterahana ny asa mampidi-bola sy ny asa fivelomana hafa dia nanampy tamin'ny fanatsarana ny asa fivelomana eo an-toerana sy ny fahasambarana no sady nampiroborobo ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena sy ny fikajiana ny fahamaroanaina.

7 L'Homme et l'Environnement: fiarovana ireo varika ao amin'ny Tahirin-javaboahary Vohimana ahiana fatratra ho ringana amin'ny alalan'ny fiarovana tsara ny tany (fisafoana ifandrimbonana), fambolen-kazo amin'ny lalantsaran'ny ala, fikarohana siantifika ary fanamafisana ireo safidy hafa ara-toekarena (agroforesterie sy écotourisme)

8 Vondron'ny Biby sy Zavamaniry eto Madagasikara: Fampihenana tsy mifampiandry andraso ny fanangonana hena remby sy ny fikapana hazo an'ala mba hiarovana ny varik'i Betampona sy hanohanana ny fampandrosoana ny fiarahamonina eny ifotony

## Fanabeazana sy fanentanana

Tena ilaina mampahafantatra ny olona mahakasika ny tandindon-doza atrehin'ny varika sy ny maha zava-dehibe ny fikajiana azy ireny. Amin'ny alalan'ny fanomezana fahalalana mahakasika ny fomba fanao maharitra, ny olana amin'ny lafiny fikajiana sy ny vokatry ny hetsika manimba, ny fanabeazana dia afaka mampiroborobo ny fiovam-pihetsika amam-pitondrantena izay manohana ny ezaka fikajiana. Izany no miantoka ny fitohizan'ny ezaka fikajiana rehefa tapitra ireo tetikasa sy hetsika fohy ezaka.

Nanatanteraka hetsika fanentanana isan-karazany ny tetikasan'ny SOS Lemurs mba ho fampandraisana anjara olona maro araka izay tratra tamin'ny alalan'ny:

1. **Hetsika:** Ny tetikasa rehetra miisa 49 dia nikarakara fankalazana ny Andro Maneran-tany ho an'ny Varika (28 Oktobra) sy ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tontolo Iainana (5 Jona). Ny Fetiben'ny Varika izay karakaraina amin'ny Andro Maneran-tany ho an'ny Varika dia fotoana anatanterahana hetsika fanentanana isan-karazany sy hetsika fiaraha-mientana momba ny fikajiana miaraka amin'ireo fiarahamonina.

2. **Fandaharam-pampianarana**: Mba hampiroboroboana ny fahatakaran'ny ankizy mpianatra, ny fankasitrahany sy ny aingam-panahiny mba handray andraikitra amin'ny fikajiana ny varika, ny tetikasa dia nanohana ny fizarana fitaovam-panabeazana, ny fampidirana ny fampianarana momba ny tontolo iainana ao amin'ny fandaharam-pampianarana ary ny fampivoarana ny "Lakilasy Maitso" mba hampiroboroboana ny fahatakarana momba ny tontolo iainana dieny izy mbola kely.

3. **Fitaovan-tserasera sy fanentanana**: Fitaovana maro isan-karazany no novolavolaina mba hampitombo ny fanohanan'ny vahoaka ny ezaka fikajiana, toy ny afisy, fandaharana amin'ny onjam-peo, lalao karatra, boky tantara an-tsary, horonantsary, tantara an-tsehatra sy fanadihadiana.

Tamin'ny alalan'ny fampiasam-bola tamin'ny fanabeazana, ny SOS Lemurs dia nahavita nampijoro taranaka vaovao mpikajy ny tontolo iainana sy nampizaka tena ny fiarahamonina mba ho tonga mpandray anjara mavitrika izy ireo amin'ny fiarovana ny Varik'i Madagasikara. Fanampin'izany, ny fandaharanasa fanentanana notanterahin'ny tetikasa dia nanome sehatra iray hanaovana adisisika mba hisian'ny politika momba ny tontolo iainana sy fitsipika mifehy izany mafonja kokoa.



© WWF

# NY TAHIRY HO AN'NY HETSIKA FIKAJIANA NY VARIKA

## (FANDAHARANASA MAHAZO FAMATSIAM-BOLA MADINIKA)

Ity **rafitra famatsiam-bola madinika** tantanin'ny Re:Wild, mpifarimbona amin'ny IUCN Save Our Species ity dia mikendry ny hanome famatsiam-bola azo alaina haingana ho an'ny tetikasa izay manana tanjona tsotra ary fohy ezaka. Ny **fahakingana** sy ny **fahalefahana** omen'ny famatsiam-bola madinika (**5.000 CHF** no lehibe indrindra) dia mifameno amin'ireo tetikasa izay lehibe kokoa sy maharitra kokoa izay nomena tamin'ny alalan'ny Antso hanao Tolo-kevitra nokarakarain'ny SOS Lemurs.

Raha atambatra, ny Tahiry ho an'ny Hetsika Fikajiana ny Varika dia nanome **famatsiam-bola madinika miisa 50 ho an'ireo mpisitraka avy,** izay nifantoka tamin'ireto lohahevitra manaraka ireto:

- Fampivelarana fahalalana sy fahaiza-manao siantifika
  - Fikarohana mahakasika ny havitriky ny andiana varika sy ny tontolo iainany
  - Fampiasana fandrika fakan-tsary
  - Fikarohana momba ny loza mitatao amin'ny andiana varika, oh.: fitsipotipotehan'ny ala
  - Fanofanana akademika mahakasika ny haipaika amin'ny fikajiana sy ny asa eny an-kianja
  - Fanadihadiana momba ny andiana varika sy ny fitsinjarany.

- Hetsika fikajiana
  - Fanohanana amin'ny ady amin'ny fihazana sy fisamborana tsy ara-dalàna sy fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiambina Valanjavaboahary
  - Fianarana an-tsaha, fanofanana momba ny fikajiana.

- Fanentanana sy fanabeazana momba ny tontolo iainana
- Fampanarahana toetr'andro ny fanombanana ny Lisitra Mena.

Ny tena tombony lehibe amin'ny rafitra famatsiam-bola madinika dia noho izy mandray anjara amin'ny famatsiana ara-bola ny fikarohana sy ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpahay siansa sy ny manam-pahaizana eny ifotony. Ny fahalalana ny fihetsika amam-pitondran-tenan'ny varika, ny tontolo iainany, ny fototarazony sy ny fahasalamany dia afaka manampy amin'ny fahatakarana bebe kokoa ny hasarotra sy ny fifampiankinan'ny rohivoahary eto amin'ny nosy, ary manome fampahalalana mivelatra kokoa ho an'ny ezaka fikajiana atao izay mikendry ny hiarovana ny fahamaroanaina manan-karena eto Madagasikara.



© Laure Montchamp


# NY CENTRE VALBIO - IVON-TOERAM-PIKAROHANA MOMBA NY FAHAMAROANAINA AN'NY IUCN SAVE OUR SPECIES

Niorina ny taona 2003, ny Centre ValBio (CVB) dia ivon-toeram-pikarohana miorina eo amin'ny sisin'ny Valanjavaboahary Ranomafana eto Madagasikara. Noho izy nifantoka indrindra tamin'ny fikarohana momba ny varika sy ny fahamaroanaina, dia tonga ivon-toeram-pikarohana filamatra izy ho an'i Madagasikara ny taona 2012, miaraka amin'ilay hany laboratoara moderna afaka manao fikarohana ny aretina amin'ny fototarazo, molekiola sy ny areti-mifindra ary ny fandalinana mahakasika ny katsentsitra.

Ao anatin'ny hetsika SOS Lemurs, nisy singa iray manokana ao amin'ny fandaharanasa natokana hanitarana ny fotodrafitrasan'ny Centre ValBio mba hanohanana tsaratsara kokoa ny fikarohana momba ny varika sy ny fahamaroanaina ary ny siansa ampiharina.

Namatsy vola ny fananganana trano iray vaovao ho an'ny ivon-toeram-pikarohana ny SOS Lemurs mba hahazoana ireto fotodrafitrasa vaovao manaraka ireto:

- Laboratoara
- Auditorium
- Ivon-toerana Fanabeazana momba ny Varika, miaraka amina efitrano malalaka lehibe iray azon'ny fiarahamonina sy ny ankizy mpianatra ijerena horonantsary sy fampisehoana.
- Toerana natokana ho an'ny fanangonana karazana sy antontan-kevitra momba ny fahamaroanaina
- Birao hiasan'ny mpahay siansa hamakafakany ireo antontan-kevitra sy hanomanany ireo famoahana.



© Stony Brook Foundation

**Ity tranobe vaovao ity dia nampitombo avo roa heny ny fahafaha-manao fikarohana ao amin'ny faritra.**

Tamin'ny taona voalohany nisokafany, mpianatra avy any ivelany misisa 102 sy mpianatra hafa (Malagasy ny ankamaroany) miisa 1690 no nampiasa ilay Tranoben'ny Fikarohana momba ny Fahamaroanaina/Varika vaovao mba hianarany sy hiofanany. Raha atambatra, mpizahatany siantifika miisa 76 sy mpitsidika hafa miisa 259 (ao anatin'izany ireo mpikambana amin'ny Governemanta) no efa nitsidika ilay tranobe tamin'ny taona voalohany.

# ATRIKASA FANOMBANANA NY LISITRA MENA

Ny fifamatoran'ny fanamby sy ny soa fanararaotra eto Madagasikara dia manasongadina ny anjara toerana lehibe tanan'ny **fiantomorana amin'ny fikajiana mifototra amin'ny zava-misy.** Manomboka amin'ny fananana Lisitra Mena mahomby sy tsy maty paikandro izany, izay manome fampahalalana hitondrana tsara ireo asa voarindra amin'ny alalan'ny hetsi-piniavana toy ny SOS Lemurs. Izany no nahatonga ny singa iray amin'ny fandaharanasa natokana hampanarahana toetr'andro ny antontan-kevitra niaingana mahakasika ny satan'ny fikajiana ho an'ireo karazana varika rehetra fantatra, mba hatao tondrotahaka ho an'ny fanatanterahana ny hetsika.

**Ny atrikasa naharitra dimy andro teto Antananarivo (7-11 Mey 2018) dia namory manam-pahaizana manokana momba ny varika maherin'ny 50 – tao anatin'izany ireo nahazo famatsiam-bola tamin'ny SOS Lemurs.**

Ny atrikasa dia nahafahana nanombana indray ny taxa ana varika rehetra, tao anatin'izany ireo izay tsy mbola notombanana mihitsy tany aloha sy nampanaraka teotr'andro ny sarintanin'ny fitsinjaran'ny varika rehetra. Ireo mpandray anjara tamin'ny atrikasa dia nanoso-kevitra ny hampidirana toerana jeografika folo vaovao laharam-pahamehana ao amin'ny Paika momba ny Fikajiana ny Varika, izay mifanindran-dalana amin'ny hetsika SOS Lemurs.

Tamin'ny alalan'ny famoahana fanambarana an-gazety maneran-tany sy ny fiantohana ny fampitana ny hetsika nataon'ireo mpanao gazetin'ny fahitalavitra sy fampielezam-peo BBC no nahatonga ny atrikasa nanaitra ny sain'ny besinimaro hifantoka amin'ny varika, ny satan'ny fikajiana azy ireo, sy ny anjara asa lehibe tanan'ny IUCN sy ny mpifarimbona aminy amin'ny fanavotana azy ireny amin'ny faharinganana.



© The Aspinall Foundation




# NY HO AVY

Nandritra izay enina taona sy tapany nanatanterahana ny SOS Lemur izay, ny IUCN dia nikatsaka ny hamantatra ireo lesona nianarana izay afaka manome fampahalalana sy manatsara ireo ezaka hatao amin'ny ho avy hanohanana ny fikajiana ny varika sy ny fahamaroanaina eto Madagasikara.

Ny volana Marsa 2023, nampiantrano atrikasa nijerena ireo lesona nianarana ny IUCN teto Antananarivo, izay nampiantso mpandray anjara miisa 52 avy amin'ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena miisa 30 izay nahazo famatsiam-bola sy solontena avy amin'ny IUCN SSC Primate Specialist Group sy ny Delegasion'ny Vondrona Eoropeana miasa eto Madagasikara. Nandinika ireo lahasa notontosaina nandritra ny hetsika ny atrikasa mba hamantarana ireo lesona nianarana sy ny fehin-kevitra.

Anisan'ny lohahevitra nodinihina tamin'izany ny mahakasika ny fizohiana ny karazana, ny fampiasana ny antontan-kevitra momba ny fikajiana, ny ady amin'ny fihazana sy fisamborana tsy ara-dalàna sy ny fisafoana, ny fampiharana ny lalàna, ny fambolen-kazo sy ny fitantanana ny faritra arovana. Ireto avy ireo leson-dehibe fantatra nandritra atrikasa:

## Famolavolana sy fanombanana ny tetikasa

- **Ampandraiso anjara ny fiarahamonina eny ifotony hatrany amin'ny fanombohana ny tetikasa**: Ny fifampidinihana amin'ireo fiarahamonina eny ifotony manomboka any amin'ny dingana famolavolana ny tetikasa dia zava-dehibe amin'ny fahatakarana ny toe-javatra iainan'ny fiarahamonina, ny filany ary ny zavatra andrasany. Mba hahomby ny tetikasa, tsy maintsy ampidiriny ny fiarahamonina ao amin'ny famaritana ny tetikasa sy ny tanjony.

- **Ampidiro ny fizohiana mandritra ny tsingerin'ny tetikasa:** Ny fizohiana dia mila ampidirina manomboka amin'ny dingana fanombohana ny tetikasa mandra-pahatapiny. Tsy maintsy apetraka ny rafitra lojika voalohany miaraka amin'ny tondrom-pilazam-pahomboazana fototra (KPI), miaraka amin'ny fitaovana ara-bola sy ara-teknika ampy natokana ho an'ny fizohiana ny KPI mandritra ny faharetan'ny tetikasa.

- **Mampiasà vola amin'ny fanamafisana fahaiza-manao mitohy sy voakendry:** Samy mitaky hoenti-manana miverimberina avokoa hanaovana ny fanofanana sy ny fizohiana ny ezaka fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny fiarahamonina eo an-toerana sy ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fambolen-kazo, ny famoronana asa fivelomana maharitra, ny fanaraha-maso ireo karazana ary ny ady amin'ny fihazana sy fisamborana tsy ara-dalàna. Fanampin'izay, ny fomba fanamafisana fahaiza-manao dia tsy maintsy mihevitra ny filan'ny fiarahamonina, ny antony mandrisika azy ary ny toe-javatr-misy, ohatra. filàna ara-pitenenana, ara-kolontsaina, ara-pivavahana ary ara-tsakafo - mba hahomby.

- **Hamafiso ny fahafahan'ny fiarahamonina miaritra fahantrana:** Ny hetsika momba ny fikajiana dia tokony hanamafy ny fahafahana mamorona fanararaotra mampidi-bola maharitra hanohanana ny fiarahamonina mba hamboly faharetana manoloana ny fahantrana, ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro ary ireo fanamby lehibe hafa.


© Laure Montchamp

## Fampiatiana sy fampandraisana anjara ny fiarahamonina

- **Manaraha fiantomorana mampandray anjara ny rehetra mandritra ny faharetan'ny tetikasa**: Ny fandrindrana, ny fanatanterahana ary ny fizohiana ny fikajiana dia tokony hiantoka ny fampiatiana ireo fiarahamonina, mpiara-miombon'antoka ary manam-pahefana, manome azy ireo fanohanana sy soa fanararaotra ampy mba handraisany anjara.

- **Takaro ny toe-java-misy iainan'ny fiarahamonina eny ifotony sy ny filany**: Ao anatin'ny fiantomorana momba ny endritany, ny fambolen-kazo dia tsy maintsy mamantatra sy mandinika ny filàna, ny fitakiana ary ny olana eo an-toerana dieny eny am-piandohana, mba hampandraisana anjara lehibe sy hampirisihana ireo fiarahamonina sy ireo mpiara-miombon'antoka hafa amin'ny fomba maharitra.

- **Ataovy azo antoka ny fahazoan'ny fiarahamonina tombontsoa:** Raha misy tetikasa mifototra amin'ny fiarahamonina, dia ilaina ny miantoka fa manana tombontsoa mazava sy mivaingana amin'ny fanatanterahana izany ny fiarahamonina, mba hahafahan'izy ireo mandray an-tanana ny hetsika.

## Fifarimbonana sy fampandraisana anjara ny mpiara-miombon'antoka

- **Miaraha miasa amin'ny governemanta eo an-toerana mba hanatsarana ny rafi-pitantanana**: Ny fanamafisana ny rafi-pitantanana eny ifotony dia tena ilaina ho an'ny mpiara-miombon'antoka mba hahafahany mandray fanapahan-kevitra, izay ilaina amin'ny fahombiazana maharitry ny ezaka fikajiana sy ny hitazonana ny fandraisan'anjaran'ireo mpiara-miombon'antoka eny ifotony.

- **Manaova ady sisika hisian'ny fampiharan-dalàna matanjaka kokoa:** Ny fampiharan-dalàna dia ilaina amin'ny fampatezana ny fiantraikan'ny ezaka fikajiana sy amin'ny fitazonana ny fahavitrihan'ny mpiara-miombon'antoka eny ifotony manao ezaka fikajiana (indrindra miaraka amin'ny fiarahamonina manao fisafoana).

- **Mampiasà vola amin'ny fampiasana ny fahalalana sy ny fiaraha-miasa**: Hamafiso ny fahafahana mizara antontan-kevitra, fahalalana sy lesona ho an'ireo fiarahamonim-pirenena mpisehatra amin'ny fikajiana – hisian'ny fiaraha-miasa sy ny fandrindrana matanjaka kokoa ny hetsika; ary mamokara antontan-kevitra sy hafatra mirindra hampatanjaka kokoa ny adisisika atao sy ny fanentanana ho amin'ny fikajiana ny fahamaroanaina.

- **Mampiasà vola amin'ny fiaraha-miasa mivelatra kokoa:** Miaraha miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka nasionaly sy iraisam-pirenena manan-danja mba hanairana ny saina momba ny fikajiana ny varika sy hampiroboroboana ny fifanakalozan-kevitra amin'ireo mpiara-miombon'antoka fototra mba hanamafisana ny ezaka fanaovana adisisika sy fanangonam-bola.

Ireo lesona nianarana ireo dia hanohana ny IUCN amin'ny fanamafisana ny fahombiazana sy ny fiantraikan'ny IUCN SOS Lemurs amin'ny dingana manaraka manomboka amin'ny taona 2023.

# MIFANARAKA AMIN'NY TANJON'NY FAHAMAROANAINA MANERAN-TANY SY NASIONALY

Nandritra ny fanatanterahana azy, ny SOS Lemurs dia nifanaraka tokoa tamin'ny National Biodiversity Strategy and Action Plan (NBSAP) na Paika sy Drafitr'asa Nasionaly momba ny Fahamaroanaina 2015-2025 an'i Madagasikara, eo ambanin'ny Fifanarahana momba ny Fahasamihafàna Biolojika, izay mahakasika ny valo amin'ny 20 amin'ireo zava-kendren'ny NBSAP. Ny dingana manaraka ho an'ny SOS Lemurs dia fanohizana ny asany, izay handray anjara amin'ny fanatratrarana ireo tanjona lavitra ezaka miisa efatra an'ny Global Biodiversity Framework vaovao, miaraka amin'ny vokatra fototra ho an'ny fiarovana ny andiana varika, ny fiantohana ny fampiasana maharitra ny fahamaroanaina ary ny fampatanjahana ny fiarahamonina eny ifotony hahaizany manao asa fivelomana maharitra.

Ny asa ataon'ny SOS Lemurs amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny toeram-ponenana sy ny fampihenana ny fandripahana ala dia manampy ihany koa amin'ny fanatrarana ny tanjona maneran-tany dia ny hiarovana ny 30%-n'ny zavaboahary amin'ny taona 2030, ary koa ny fanalefahana ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny fampifanarahana ary ny tanjon'ny fampandrosoana lovain-jafy.



# LISITRY NY TETIK'ASA NAHAZO FAMANTSIAMBOLA AMIN'NY ALALAN'NY SOS LEMURS

| | Mpisitraka ny tetik'asa | Ny tetik'asa | Fanombohana | Fiafarana | SOS Tetibola (CHF) |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 | The Aspinall Foundation | *Improve lemur's habitat suitability by re-connecting forest patches and prevent habitat loss due to fire* | 29 Aogositra 2017 | 31 Aogositra 2018 | 37,810 |
| 2 | Association Française pour la Sauvegarde du Grand Hapalémur (AFSGH) - Helpsimus | *Programme Bamboo Lemur* | 13 Septambra 2017 | 31 Aogositra 2020 | 25,000 |
| 3 | GERP | *Conserving lemurs in the Manombo Special Reserve by protecting their forest habitat and improving human well-being* | 28 Septambra 2017 | 31 Aogositra 2019 | 66,610 |
| 4 | GERP | *Sauver les lémuriens de l'aire protégée Maromizaha par l'intégration et l'adhésion des communautés locales au projet de gestion durable des ressources naturelles* | 1 Oktobra 2017 | 31 Martsa 2019 | 74,850 |
| 5 | Alliance Voahary Gasy (AVG) | *Law Application Against Lemurs' Illegal Trafficking* | 25 Septambra 2017 | 31 Desambra 2018 | 49,970 |
| 6 | Planet Madagascar | *Conserving threatened lemur species and their fragile ecosystem through community-based forest restoration in Ankarafantsika National Park, North-West Madagascar* | 16 Oktobra 2017 | 31 Desambra 2019 | 99,910 |
| 7 | Madagascar Fauna and Flora Group | *Pro-active reduction of bushmeat collection and wild-wood harvest to protect the lemurs of Betampona and support local community development* | 19 Oktobra 2017 | 30 Aprily 2021 | 40,230 |
| 8 | Omaha's Henry Doorly Zoo and Aquarium | *Improving reforestation and community livelihoods for the conservation of the Critically Endangered Northern sportive lemur at Montagne des Français* | 27 Oktobra 2017 | 14 Desambra 2019 | 145,040 |
| 8 | Omaha's Henry Doorly Zoo and Aquarium | *Advancing education, reforestation, and local capacity for forest and wildlife protection in Kianjavato, Madagascar* | 27 Oktobra 2017 | 30 Novambra 2020 | 296,080 |
| 10 | The Aspinall Foundation | *Community-based conservation of greater bamboo lemur, black-and-white ruffed lemur, indri, diademed sifaka and other threatened lemurs in and around the Andriantantely lowland rainforest, eastern Madagascar* | 18 Oktobra 2017 | 30 Jona 2019 | 49,745 |
| 11 | Bristol Zoo | *Growing links for lemurs: towards an effective reforestation of Sahamalaza-Iles Radama National Park* | 30 Oktobra 2017 | 30 Aprily 2021 | 97,500 |
| 12 | The Peregrine Fund | *Renforcer la conservation des lémuriens de Tsimembo Manambolomaty et de Mandrozo dans l'ouest de Madagascar, région Melaky* | 23 Oktobra 2017 | 31 Oktobra 2020 | 97,120 |
| 13 | Association Fanamby | *Empowering local community in lemur conservation within Anjozorobe Angavo Protected Area* | 2 Novambra 2017 | 31 Oktobra 2020 | 200,000 |
| 14 | Omaha's Henry Doorly Zoo and Aquarium | *Integrating community programs to promote ring-tailed lemur biodiversity in the Mahafaly Plateau, Southwestern Madagascar* | 1 Febroary 2018 | 31 Aogositra 2021 | 143,365 |
| 15 | Association Fanamby | *Empowering local community in lemur conservation within Andrafiamena-Andavakoera Protected Area* | 14 Novambra 2017 | 31 Oktobra 2020 | 200,000 |
| 16 | Conservation International | *Save the critically endangered lemurs through joint actions of community-school-scientists in the Corridor Ankeniheny-Zahamena* | 1 Desambra 2017 | 31 Desambra 2020 | 187,460 |
| 17 | Wildlife Conservation Society | *Improving the conservation status of three critically endangered lemurs, the Red Ruffed lemur, the White-belted Ruffed lemur and the Indri, in Makira Natural Park* | 30 Oktobra 2017 | 31 Oktobra 2019 | 99,570 |
| 18 | Association des Guides d'Andasibe | *Renforcement des capacités de la communauté locale pour la sauvegarde des lémuriens* | 20 Jolay 2019 | 20 Jolay 2022 | 100,000 |
| 19 | NY Tyanintsika | *Community-based action for sustainable lemur conservation in the COFAV* | 12 Desambra 2018 | 31 Jolay 2022 | 128,057 |
| 20 | GERP | *Improving the conservation status of lemur species in Manombo Special Reserve through participatory ecological research, community economic development, conservation education, and habitat restoration* | 26 Novambra 2018 | 25 Aprily 2022 | 49,908 |
| 21 | Missouri Botanical Garden | *Securing lemur populations at the Analavelona Sacred Forest NAP* | 1 Desambra 2018 | 30 Novambra 2020 | 49,750 |
| 22 | Madagasikara Voakajy | *Saving the lemurs of Mangabe and their habitats: a youth-led initiative* | 18 Desambra 2018 | 17 Desambra 2021 | 167,086 |
| 23 | Omaha's Henry Doorly Zoo and Aquarium | *Advancement of education and reforestation capacity and local resource availability through infrastructural renovations leverages forest and wildlife protection in Kianjavato, Madagascar* | 1 Janoary 2019 | 31 Desambra 2019 | 99,000 |
| 24 | Helpsimus | *Programme Bamboo Lemur* | 27 Desambra 2018 | 26 Desambra 2021 | 38,500 |
| 25 | California Academy of Sciences (CAS) and Madagascar Biodiversity Centre (MBC) | *An evidenced based approach to reducing the illegal hunting of Threatened lemurs on the Masoala Peninsula of Madagascar.* | 1 Janoary 2019 | 31 Desambra 2021 | 151,074 |
| 26 | The Peregrine Fund | *Renforcer la sauvegarde des espèces de lémuriens menacées d'extinction des Nouvelles Aires Protégées Bemanevika et Mahimborondro à Bealanana* | 20 Desambra 2018 | 19 Desambra 2021 | 149,000 |

| | Mpisitraka ny tetik'asa | Ny tetik'asa | Fanombohana | Fiafarana | SOS Tetibola (CHF) |
|---|---|---|---|---|---|
| 27 | Arboretum d'Antsokay | *Community-based lemurs monitoring and conservation in Tsimanampesotse and Amoron'iOnilahy Protected areas, reducing demand for live-captured lemurs* | 16 Janoary 2019 | 30 Jona 2021 | 69,802 |
| 28 | Durrell Wildlife Conservation Trust | *Sustaining marshes for the Alaotran gentle lemur; ensuring protection of critical habitat within a dynamic and challenging natural and socio-economic environment* | 22 Janoary 2019 | 21 Janoary 2021 | 99,963 |
| 29 | WWF Madagascar | *Le Simpona (Propithecus candidus), sa survie assurée par les communautés locales et devient l'emblème de leurs villages.* | 17 Janoary 2019 | 30 Septambra 2020 | 99,000 |
| 30 | Association Fanamby | *Protect Microcebus berthae habitat within the Protected Area of Menabe Antimena.* | 4 Febroary 2019 | 3 Febroary 2021 | 100,000 |
| 31 | Asity Madagascar | *Saving the lemurs of the Madagascar's southernmost rainforest: community-led sustainable management, research, and conservation education in the Tsitongambarika Protected Area* | 11 Febroary 2019 | 30 Septambra 2021 | 99,955 |
| 32 | Association Fanamby | *Save endangered lemurs species in Loky Manambato new protected area through local community involvement* | 4 Febroary 2019 | 3 Febroary 2022 | 149,906 |
| 33 | The Aspinall Foundation | *Community empowerment for the conservation of threatened lemur species within the CAZ west* | 5 Febroary 2019 | 4 Febroary 2022 | 99,118 |
| 34 | Lemur Conservation Network | *Lemur Conservation Network: a program to build communicational training and outreach with Malagasy organizations to achieve progress in the implementation of the Lemur Conservation Strategy* | 3 Martsa 2020 | 2 Jolay 2022 | 91,184 |
| 35 | Naturevolution Madagascar | *Protection des habitats et conservation de la biodiversité du massif Makay par : suivi écologique et restauration égologique des habitats des lémuriens, puis lancement de patrouille de vigilance villageois et finalement développement de l'écotourisme une alternative directe en faveur de la communauté locale dans le pourtour de la NAP* | 4 Martsa 2020 | 3 Aprily 2022 | 70,003 |
| 36 | Missouri Botanical Garden | *Mobilizing local youth to conserve Eulemur cinereiceps at the Ankarabolava-Agnakatrika Forest, Madagascar* | 3 Martsa 2020 | 2 Martsa 2022 | 50,067 |
| 37 | The Aspinall Foundation | *Community-based conservation of greater bamboo lemur, black-and-white ruffed lemur, and other critically endangered lemurs in and around the Andriantantely lowland* | 27 Febroary 2020 | 26 Martsa 2022 | 96,425 |
| 38 | L'homme et l'environnement | *Securing Critically Endangered Lemurs at Vohimana Reserve, through sound ground protection (joint patrols), corridor reforestation, scientific research and consolidation of sustainable economic alternatives (agroforestry and ecotourism).* | 10 Martsa 2020 | 9 Jolay 2022 | 65,000 |
| 39 | Omaha's Henry Doorly Zoo and Aquarium | *Leveraging lemur diversity at Torotorofotsy, Madagascar to improve forest connectivity, counter degradation and develop sustainable ecotourism practices.* | 13 Febroary 2020 | 12 Jona 2022 | 125,003 |
| 40 | Omaha's Henry Doorly Zoo and Aquarium | *Expanding reforestation and community livelihoods for the conservation of the Critically Endangered northern sportive lemur at Montagne des Français* | 1 Martsa 2020 | 31 Mey 2022 | 139,328 |
| 41 | Conservation International | *Scaling up and strengthening joint actions by communities, schools, and scientists to save critically endangered lemurs in the Corridor Ankeniheny-Zahamena* | 2 Jona 2020 | 15 Aogositra 2022 | 126,500 |
| 42 | Planet Madagascar | *Working with Communities to Conserve Endangered Lemurs through Forest Protection, Forest Restoration, and Conservation Science in Ankarafantsika National Park, NW Madagascar* | 19 Martsa 2020 | 30 Jona 2022 | 99,998 |
| 43 | The Aspinall Foundation | *Improving the conservation status of mongoose lemur, crowned sifaka, and red brown lemur in the western dry forests of Maevatanana - Ambato-Boeny (MAB), Madagascar* | 27 Febroary 2020 | 26 Febroary 2022 | 99,999 |
| 44 | Association Fanamby | *Pérennisation des actions de conservation des Lémuriens au sein de l'Aire protégée Anjozorobe Angavo* | 1 Novambra 2020 | 31 Oktobra 2022 | 150,000 |
| 45 | Association Fanamby | *L'Or ou le Propithecus perrieri : défis pour la gestion efficace de l'aire protégée Andrafiamena-Andavakoera* | 1 Novambra 2020 | 1 Oktobra 2022 | 153,998 |
| 46 | Phoenix Conservancy | *Emergency Fire Protection and Restoration of Madagascar's Lost Forest of Ivohiboro* | 8 Jona 2020 | 7 Jolay 2022 | 47,666 |
| 47 | The Peregrine Fund | *Evaluation de la diversité spécifique de Lepilemur dans l'aire protégée Complexe Tsimembo Manambolomaty* | 1 Novambra 2020 | 31 Oktobra 2022 | 42,200 |
| 48 | Fikambanana Bongolava Maitso (FBM) | *Sécurisation des population d'espèces de lemuriens dans l'Aire Protégée Corridor Forestier Bongolava* | 11 Martsa 2020 | 10 Martsa 2022 | 50,556 |
| 49 | Alliance Voahary Gasy (AVG), Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates (GERP) | *Projet d'amélioration du cadre de conservation des Lémuriens à Madagascar (Analamerana ; Andrafiamena ; Montagne des Français; Kirindy)* | 1 Jolay 2020 | 31 Oktobra 2021 | 71,618 |

# TETIK'ASA SY SINGA FANAMPINY:

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| 50 | Valbio | *Projet d'Infrastructure Valbio* | 14 Novambra 2017 | 30 Septambra 2020 | 750,000 |
| 51 | Re:Wild | *Fonds d'action pour la conservation des lémuriens* | 2 Novambra 2017 | 30 Jona 2021 | 213,612 |
| 52 | Bristol Zoo | *Atelier Liste Rouge* | 16 Jona 2017 | 31 Mey 2018 | 49,999 |



**INTERNATIONAL UNION FOR CONSERVATION OF NATURE**
Rue Mauverney 28
1196 Gland, Switzerland
iucn.org

@IUCNSOS

KEEP
NATURE
STANDING

© The Aspinall Foundation